



LALÀNA LAHARANA FAHA 2023-021
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2024

LOI n° 2023-021
PORTANT LOI DE FINANCES
POUR 2024

**LALÀNA LAHARANA FAHA 2023-021
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2024**



**LALÀNA LAHARANA FAHA-2023-021
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2024**

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny taona 2024 dia ho marihan'ny fanombohan'ny taom-piasan'ny Filoha vaovao. Na izany aza, mba hitohizan'ireo zava-bita sy ezaka natao tany aloha, izay voamarik'ireo fotodrafitrasa maro, ny vinavinan'ny tetibola ho an'io taona io dia hitodika amin'ireo maha-olona na « Capital humain ». Na izany aza, ny fanohanana ireo mitondra fampandrosoana haingana, ny fitohizan'ireo politikan'ny indostria, ny fanentanana amin'ireo famatsiam-bola avy amin'ny sehatra tsy miankina mba hanohanana ny famoronan'asa, ary ny fanamafisana ny fanatanterahana ny Politika Nasionaly ho an'ny Fitsinjaram-pahefana Misandratra na « Politique Nationale pour la Décentralisation Emergente » dia mitoetra ho sehatra fototra tsy azo ialana amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

Ao anatin'izay fanehoan-jery lavitra izay, ny tahan'ny fitomboan-karena ho an'ny taona 2024 dia vinavinaina ho 4,5% izay ho tratarina amin'ny alalan'ny fampiharana ny lalàna vaovao momba ny famatsiam-bola, ny lalàna mifehy ny harena an-kibon'ny tany, ny fanavaozana ifotony ireo didy aman-dalàna mifehy ny fifandraisan-davitra, ary ny fanohanana ny sehatry ny fihazan-tany.

Araka izany dia andry telo lehibe no hiankinana amin'ny taona 2024 :

- Andry amin'ny maha-olona : fanohanana manokana ny fiahiana ara-tsosialy, ny fahasalamana, ny fanabeazana, ny fampananan'asa ary ny fampiofanana sitrahan'ny rehetra ;
- Andry ho an'ny indostria : fijerena manoka ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany, ny fambolena, ny fizahan-tany, ny fampandrosoana ny any ambanivohitra ary ny fotodrafitrasa ara-tsosialy ;

- Andry ho an'ny fitantanana : fanamafisana ny fanavaozana sy ny ady amin'ny kolikoly.

Nisy ihany koa ny ezaka manokana natao mba hampipaka bebe kokoa ny fandaniam-bolam-panjakana amin'ireo vina voatanisa etsy ambony, ho fanenana miandalana ny fatiantoka ara-tetibolan'ny Fanjakana ary ho fanomezan-danja ny fisitrahan'ny rehetra ireo tolotra ara-tsosialy fototra.

Anisan'ny ezaka natao ihany koa ny fandaniana ny Torolalana momba ny fitantanana ny fampiasam-bolam-panjakana izay nampiharana nanomboka ny taona 2023. Ankoatr'izay dia nisy ihany koa ny fanohizana ny fanavaozana ny fitantanana ny fahombiazana natomboka ny taona 2022 mba ahafahana mametraka fototra matanjaka ho an'ireo tondro izay natao ho afaka refesina sy mifandrify tsara amin'ny vola natokana ho an'ireo rafitra ara-panjakana tsirairay avy. Io fanavaozana io dia miseho amin'ny alalan'ny fanamboarana ireo Tetikasam-pahombiazana ho an'ny taona izay atovana amin'ity lalàna ity mba hanatsarana ny fifanojoan'ireo fampahalalana, hanamorana ny famakiana ny boky sy ny fampifandraisana azy amin'ireo antontan-kevitra ara-tetibola mba hisian'ny mangarahara sy ny fidirana lalina kokoa amin'ny fahombiazan'ny fitantanam-bolam-panjakana.

Farany, hamafisina ny ezaka amin'ny fampidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2024 mba hahafahana manohana ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny ivo ezaka. Mba hanatanterahana izany dia fepetra maro no ho raisina ka anisan'ny lehibe amin'ireny dia ny fanatsarana ny fahafahan'ireo mpandoa hetra manefa izany, hanohizana ireo ezaka efa natao iza hita fa mahomby ho an'ny fampanarahan-dalàna ny sehatry ny tsy ara-dalàna. Raha ho an'ny Fadintseranana dia ny fanohizana ireo efa natomboka ka anisan'izany ny fandraiketana ara-kajy mirindra ireo asa ao amin'ny Fadintseranana, ny fanitarana ny fitsirihana amin'ny alalan'ny fitaovana ara-teknolojika avo lenta zato isan-jato eny anivon'ireo Sampan-draharahan'ny Fadintseranana, ny fampanarahana toetr'andro ny fikarakarana ireo taratasy ho an'ny sidina an'habakabaka ary ny fifehezana ireo fitaovana enti-mitantana ireo mety ho loza an-dranomasina sy an'habakabaka.

I- FIRONANA ANKAPOBENY AO ANATIN'NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA 2024

Ny fandaharan'asa sy ny hetsika natao voarakitra ao ami'ny LFI 2024 dia fitaovana politika ara-toekarena ahafahana mamerina ny toekarenan'ny firenena taorian'ny tranga nifanesy izay nisy fiantraikany tamin'ny fizotry ny fitomboan'ny toekarena.

Ny Fanjakana Malagasy dia tsy mitsahatra ny manao fampiasam-bola amin'ny fotodrafitrasa mivaingana izay mitaky fampandehanan-draharaha mahomby mandritra ny taona 2024. Izany dia mba hanatsarana ny tolotra fototra omena ny olom-pirenena sy hamaliana ny toro-dalana enti-manandratra an' i Madagasikara.

Fiheverana manokana ho an'ny fampiasam-bola amin'ny lafiny maha-olona sy ny fiahiana ara-tsosialy

Tao anatin'ny dimy taona izay dia nampiasa fotodrafitrasa izay nahafahana nanatratra ny fahataràna amin'ny fampandrosoana ny Fanjakana. Trano sekoly miisa 946 miampy efitrano fianarana miisa 4 168 no vita. Tobim-pahasalamana fototra 122, hopitaly 13 ihany koa no vita, hopitaly 16 hafa no efa ny fanamboarana.

Ho an'ny taona ho avy, ny fampandehana ireo fotodrafitrasa ireo dia ahafahana manatsara ny lafiny maha olona sy manamafy ny fiahiana ara-tsosialy. Ny ankizy, ny vehivavy ary ny zokiolona no hahazo tombony voalohany amin'ny politika sosialy laharam-pahamehana ho an'ny taona 2024.

Eo koa ny fiofanana faobe izay hibahan-toerana amin'ny fampiakarana ny tetibola, ary heverina ho fitaovana manokana hanohanana ireo sokajy sosialy ireo.

Nohavaozina ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena mba ahafahana mampiakatra ny tambin-karama ho an'ny mpampianatra sy ny "maîtres" FRAM manomboka ny taona 2024.

Ny tetibola natokana ho an'ny sehatra sosialy, raha 34,5%'ny harin-karena faobe dia lasa ho 36,5%-'ny harin-karena faobe tamin'ny taona 2024.

Fironana kokoa ho any amin'ny rafi-pambolena afaka miaritra ny fiovaovan'ny toetr'andro ho amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo

Ny Fitondrana Malagasy amin'ny alalan'ny Ministeran'ny Fambolena dia manana vina mba hampiakatra ny famokarana mangahazo ka nampitombo ny karazana voly azo atao sy mapiroborobo ny fomba fampiarana ny famokarana afaka miatrika ny fiovaovan'ny

toetr'andro. Ireo asa ireo dia anatin'ny tanjon'ny Fitondrana mba hijinja vokatra mangahazo manodidina ny 7 tapitrisa taonina hatramin'ny taona 2027.

Anatin'ny dingana voalohany eo amin'ny paik'ady nasioanally ho fampiroboroboana ny famokaram-bary dia nandray andraikitra ny Fanjakana fa hanatratra tanjom-pamokaram-bary hatramin'ny 6 tapitrisa taonina ny taona 2024. Izany tanjona izany dia mitaky ny fampivelarana ny tany faritra mila tondrahana, ny fizaràna zezika mineraly sy organika ho an'ny tantsaha, ny famatsiana masom-boly manara-penitra.

Ny fitomboan'ny famokarana voly katsaka amin'ny alalan'ny fampiasana masinina ary koa ny fampivelarana ny fampiasana masom-boly katsaka « hybride mécanisés » izay mifanaraka amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro afaka mahatratra 6 ka hatramin'ny 8 taonina isaky ny hektara.

Ny tetibola natokana ho an'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra dia lasa 2,6%-n'ny harin-karena faobe ny taona 2024 raha toa ka 1,9% teo aloha.

Fanetsehana ny fampiasam-bola, manosika ny fitomboan'ny toekarena ary mamorona asa

Nisafidy ny fanavaozana natao hanentanana ny fampiasam-bola tsy miankina eto Madagasikara ny Fitondram-panjakana Malagasy : amin'ny alalan'ny fametrahana ny fehezan-dalàna vaovao momba ny harena an-kibon'ny tany, ny lalàna vaovao momba ny fampiasam-bola ary ny lalàna vaovao momba ny fifandraisan-davitra. Mbola hisy ny ezaka fanampiny hisarihana ny fampiasam-bola mivantana avy any ivelany (IDE). Tafiditra ao anatin'izany ny fametrahana tontolo ahatomombana ny fandraraharàna.

Ireto fepetra fanohanana manaraka ireto no noraisina ary notsiahivina eto mba hanentanana ireo fampiasam-bola tsy miankina ireo:

- Esorina ny haba mivoaka amin'ny fanondranana harena an-kibon'ny tany sy ny fametrahana hetra tokana ahitana haba manokana sy hetra ho an'ny vokatra avy amin'ny harena an-kibon'ny tany ;
- Fananganana « guichet unique » manondrana ny vokatra avy amin'ny harena an-kibon'ny tany mba hanamora ny asan'ny mpandraharaha ;
- Antoka fitoniana mandritra ny 5 taona amin'ny alalan'ny Didim-panjakana iarahan'ny Minisitry miadidy ny Harena ankibon'ny tany sy ny Minisitry ny Fitantanam-bola ;
- Ny fe-potoana fandoavam-bola « parafiscal » sy ny saram-pitantanana ny harena ankibon'ny tany nahemotra amin'ny faran'ny volana Jona fa tsy ny faran'ny volana Martsa tahaka ny teo aloha ;

- Fampihenana 30% ny haba manokana sy ny hetra raha misy ny fanodinana ny vokatra avy any an-toerana (3,5% fa tsy 5%) ;
- Fanitsiana ny famaritana ny fampiasam-bola mba tsy hanakatonana ny sehatra sasany amin'ny mpampiasa vola tsy miankina (trandraka madinika, volamena, jono kely, sns);
- Fanazavana ny fepetra momba ny fahamarinan-toeran'ny mpampiasa vola ao amin'ny Lalàna momba ny fampiasam-bola (Toko vaovao momba ny famporisihana amin'ny fampiasam-bola);
- Faneken'ny Fanjakana amin'ny fitsaràna amin'ny famahana ny disadisa ;
- Safidy amin'ny fidirana amin'ny tany amin'ny alàlan'ny fahafahana mandray anjara amin'ny fahazoana trano ho an'ny mpampiasa vola vahiny ;
- Antoka omen'ny Fanjakana miady amin'ny fakana an-keriny mivantana sy ankolaka ary ny « liberté de transfert ».

Manohy ny politikan'ny famoronana asa ho tombontsoan'ny fitomboana ara-toekarena sy fanatsarana ny tolo-draharaha omena ny Fitondram-panjakana

Mpiasa miisa 14 466 no kasain'ny Fitondram-panjakana ho raisina amin'ny taona 2024 manerana ny Andrimpanjakana sy ny Ministera rehetra, ka ny 3 675 amin'ny alalan'ny fifaninanana hidirana ho mpiasam-panjakana ary 10 791 amin'ny fandraisana mpiasa mivantana (Mpiasa ho fehezin'ny fifanarahana arak'asa). Hatao laharam-pahamehana anefa ireo sehatra heverina ho manandanja toy ny Fanabeazana, ny Fahasalamam-bahoaka, ny Filaminam-bahoaka, ny Fitsarana, ny tontolo iainana ary ny Fambolena. Ny fitsinjaràna ireo asa ireo dia ho tapahina eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry.

Ankoatra ireo fanomezana toeran'asa vaovao ireo dia mpiofana voaray tamin'ny fifaninanana tamin'ny taona 2022 sy 2023 izay miisa 2 025 no hanatevin-daharana ny mpiasa eny amin'ny Minisitry mpiadidy azy ireo amin'ny taona 2024.

Ireo fandraisana mpiasa vaovao ireo dia tokony hahafahana mitondra fanatsarana eo amin'ny kalitaon'ny asam-panjakana, fanohanana ny sehatra sosialy ary tantsoroka ho an'ny firoboroboan'ny toekarem-pirenena ao anatin'ny fotoana fohy ezaka. Ny Fitondram-panjakana mantsy dia mihevitra ny hampitombo ny isan'ireo:

- Mpanabe sy mpampianatra eny anivon'ny sekoly sy « lycée » eny amin'ny tontolo ambanivohitra mba hisian'ny fanabeazana tsy isiam-panavahana, iaraha-misalahy ary tsara kalitao ho an'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka ;

- Mpitsabo mpanampy sy mpitsabo amin'ny Tobim-pahasalamana Fototra Ambaratonga I sy II (CSB I-II), ary Mpitsabo mpandidy amin'ny Hopitaly Filamatra ho isam-paritra sy Hopitaly “Universitaires” mba hanomezana fandraisana tanana ara-pahasalamana tsara kalitao ho an'ny rehetra ;
- Mpitandro filaminana, Miaramila ary Zandary hiantoka ny fiainana azo antoka ho an'ny mponina manoloana ny firongatry ny jiolahy sy ny “dahalo” ary ny fivarotana antsokosoko rongony ;
- Mpiraki-draharaha sy Mpitsara mba hanomezana fahafaham-po ny filana arak'isa eny anivon'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany sy ny Sampan-draharaha miandraikitra ny ady amin'ny kolikoly sy ny famotsiam-bola ;
- Mpiandraikitra ny fonja mba hiantohana ny fampiharana ireo Didim-pitsarana eo anivon'ny fonja, ny fanaraha-maso ny voafonja ary ny fitandroana ny filaminambahoaka ;
- Injeniera “agronome” sy Teknisianina momba ny fambolena mba (i) hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny tsy fahampian-tsakafo eo amin'ny ampahany amin'ny vahoaka malagasy, (ii) miantoka ny famatsiana ireo entana fototra ilaina sy (iii) hampitomboana ny vokatra ara-pambolena eto amin'ny firenena entina manatratra ny fahaleovan-tena ara-tsakafo aoriana ao ;
- Injeniera momba ny tontolo iainana sy angovo azo havaozina, biologista momba ny tontolo iainana, mpiambina (morontsiraka, renirano ary valan-javabohary) mba (i) hiatrahana ny fanamby atao fiovaovan'ny toetr'andro sy ny tontolo iainana, indrindra ny fiarovana ny zava-manan'aina sy ny fanomezan-danja ny harena voajanahary tsy manam-paharoa, ary (ii) ny fandrakofana hazo ny tanintsika mba hahazoan'i Madagasikara mamerina indray ny hatsarana izay nisalorany ny anarana hoe Nosy Maitso.

Ny fanamafisana ny andraikitra ny Fanjakana amin'ny alalan'ireo sehatra lehibe ireo dia fepetra tena ilaina amin'ny fahombiazan'ny drafitra ho an'ny Fisandratana'i Madagasikara ao anatin'ny fotoana fohy sy ivo zaka. Tsapa tokoa fa ireo fanomezana toeran'asa ireo dia fanoitra tsy azo lavina amin'ny lafiny fidirana amin'ny tsenan'ny asa sy ny fampihenana ny asa tsy anatin'ny sehatra ara-dalana sy ny tsy fananana asa, indrindra ho an'ireo tanora vao nahazo diplaoma. Marihina fa ny politikan'ny fandraisana mpiasa dia mifototra amin'ny zotra efatra (04) lehibe, dia ny: (i) ny fampirindrana ny fiofanana sy amin'ny asa iandraiketana mba hanatsarana ny fahombiazan'ny Fitantanan-draharaham-panjakana sy hanatratrarana ireo tanjona napetraka, (ii) ireo tetikasa fampiasam-bolam-panjakana mamorona asa mivantana sy ankolaka, (iii) ireo fenitra sy filamatra iraisam-pirenena momba ny isan'ny mpiasa, ary (iv)

ny famenoana ny isa banga vokatry ny fandehanan'ny mpiasa mandeha misotro ronono. Mikasika ity mason-tzivana farany ity dia andrasana hiisa 4 855 ny mpiasa handeha hisotro ronono amin'ny taona 2024 manerana ny Andrimpanjakana sy ny Minisitery rehetra. Ireo fandehana misotro ronono ireo dia handeha ho azy rehefa tonga eo amin'ny fetran'ny taona ara-dalàna hahafahany miasa ny mpiasa iray izay napetraka ho 60 taona, afa-tsy ireo manana sata manokana toy ny Miaramila, ny Polisy, ny Mpitsara, Mpampianatra mpikaroka ary ny Inspekteram-panjakana.

Sehatra anakiray ihany koa izay mamorona asa ka ifantohan'ny Fitondram-panjakana dia ny haitao amin'ny asa-tanana izay efa miisa 164 raha ny tarehimarika azo.

Tombam-bidy vaovao ho an'ny loharanon-karena vaovao ho tombontsoan'ny Vondrom-piaraha-monina Itsinjaram-Pahefana ary fanamafisana mitohy mahakisika izay fitsinjaram-pahefana izay

Ny fitsinjaram-pahefana araka ny voalazan'ny Lalàna faha- 2014-020 dia nanome loharanom-bola manokana ho an'ny tompon'andraikim-panjakana any an-toerana saingy tsy nisy ny tombam-bidin' ireo harena ireo no nampiharina nanomboka ny taona 2014. Manapa-kevitra ny Fitondram-panjakana malagasy avy eo ny hampihatra ireo tombam-bidy ireo mba hanatsarana ny harenan'ireo Vondrom-piaraha-monina ireo sy hampiharana ny « Politique Nationale pour la Décentralisation Emergente » na PNDE.

Mbola hanamafisana ny fitsinjaram-pahefana, faritra roa vaovao no kasaina avoaka, miaraka amin'ny vinavinan'ny tetibola momba ny fampandehanan-draharaha sy ny fampiasam-bolany amin'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bola 2024 ity.

Ny boriboritany rehetra dia ahazo fampiakarana 16,66% amin'ny fanampiana ara-bola izay omena azy ireo mba ahafahany mampitombo ny fahafahana mamaly ny filan'ny mponina ao aminy.

Ankoatra ireo fironana ankapoben'ny LFI 2024 ireo, ity Lalàna momba ny Fitantanam-bola ity dia manokatra ny fahafahana hiresaka momba ny mety hisian'ny fanavaozana ny vidin-tsolika araka ny toe-draharaha misy manerantany mandritra ny taona 2024.

II- VINAVINA ARA-TOEKARENA

1. Fanombanana indray ny fivoaran'ny toekarena ho 4,0% ny taona 2023

- Io tarehimarika io dia vokatry ny tranga nisy teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy teto an-toerana anisan'izany :

- Ny fitohizan'ny fifanentanana ara-jeopolitika iraisam-pirenena (fifandirana ao Okraina sy Afovoany Atsinanana) izay miteraka fisalasalana ;
 - Ny fanamby atrehin'ny sehatry ny famokaran-damba malagasy amin'ny fanakatonana ny fatiantoka ny marika mpanjifa maro any Eoropa (vokatry ny valan'aretina Covid-19) ;
 - Ny fiavian'ny rivotroza mahery vaika amin'ny telovolana voalohany amin'ny taona 2023, izay miantraika amin'ny asa ara-toekarena sy ny fotodrafitrasa ;
 - Ny fisondrotry ny vidim-piainana izay hita ambony kanefa niabo ihany (12,4% ny faran'ny volana Martsa, 11,4% ny faran'ny volana Jona, ary 8,2% amin'ny faran'ny volana Septambra) ;
 - Ny fandrosoana tsara eo amin'ny sehatry ny fizahan-tany ahitana mpizahatany 173.879 mandritra ny 9 volana amin'ny taona ;
 - Ny fihenana'ny tinady iraisam-pirenena mahakasika vokatry ny harena an-kibon'ny tany izay avy amin'ny ny fihenana'ny vidin'ny tsena iraisam-pirenena, na dia eo aza ny hazakazaka amin'ny fanaraha-maso ny rojo famatsiana mineraly ho an'ny fironana amin'ny karazana angovo (nickel, cobalt, graphite, lithium).
- Ny fivoaran'ny toekarena ny taona 2023 dia notombanana ho 4%.

2. Vinavina ara-toekarena ny taona 2024

- Ny taona 2024, ny fisondrontry ny harikarena faobe dia ahatratra 4,5% : ny « secteur primaire » dia ahatratra 4,4% ny fisondrony, ny « secteur secondaire » dia 5,1% ary ny « secteur tertiaire » dia tokony ho 4,5% ny fivoarany.
- Ny fivoaran'ny toekarena dia tohanan'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany izay mahatratra 7,2%, 4,9% ny famokaran-damba, 4,0% ny fotodrafitrasa, 10,1% ny fizahan-tany, 5,9% ny sehapitaterana ary 10,7% ho an'ny serasera fifandraisan-davitra.
- Ireo fanavaozana natao dia tokony hitondra vokatry tsara ny taona 2024 ka anatin'izany ny (i) lalàna vaovao mifehy ny fampiasam-bola, (ii) ny fitsipika vaovao mifehy ny harena an-kibon'ny tany,(iii) ary ny rafitra ara-pitsarana navaozina sy ny lalàna mifehy momba ny fifandraisan-davitra.

III- FITODIKY NY TETIBOLAM-PANJAKÀNA AO AMIN'NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA 2024

VOLA MIDITRA

III.1.1- HETRA

III.1.1.1- HO AN'NY VOLA MIDITRA AMIN'NY HETRA ANATINY :

Ho an'ny taom-panatanterahana tetibola 2024, ny Fitondram-panjakàna, ao anatin'ny politika ankapobeny dia maminavina ny tahan'ny tsindrin-ketra tsy afakaratsaka ho 12,9%. Ny tahan'ireo vola miditra ara-ketra anatin'ny dia mahatratra ny 7,0% amin'ny PIB ho an'ny taona 2024 raha toa ka 6,8% izany tamin'ny taona 2023. Ny vinavina amin'ny vola miditra ara-ketra anatin'ny tsy afakaratsaka ho an'ny taona 2024 dia mahatratra 5 492,71 miliara Ariary raha 4 786,16 miliara Ariary izany tamin'ny taona 2023. Misy ny fepetra vaovao araka ny lalàna sy ara-panjakana ho raisina izay tombanana hampiditra hetra mitentina 590,90 miliara Ariary.

KARAZANY	Miliara Ariary	
	LFI 2023	LFI 2024
Hetra mikasika ny vola miditra	1 379,32	1 609,34
Hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy	717,78	889,32
Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fanana mitera-bola	54,55	77,79
Hetra alaina amin'ny tombom-barotra	14,33	13,73
Hetra tambatra	131,83	141,12
Sara-panoratana sy famindran-tompo	51,69	47,80
Haba amin'ny tombam-bidy	1 643,66	1 739,58
Hetra alaina amin'ny Tsenam-baro-panjakàna	100,80	115,57
Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana	666,63	827,27
Hetra amin'ny fifanaraham-piantohana	14,55	16,84
Haban'ny hajia	9,69	12,88
Hetra hafa	1,33	1,45
TONTALINY	4 786,16	5 492,71

III.1.1.2- MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-KETRA :

Mba ho fanatsarana ny fahitàna ny tontolon'ny fandraharahana izay nandalo fotoan-tsarotra taorian'ny krizy ara-pahasalamana sy ny fisondrotry ny vidim-piainana maneran-tany, ireo fepetra vaovao ara-ketra entin'ny Lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2024 dia mitsinjo amin'ny ankapobeny ny fahamarinan-toeran'ny fomba fitakian-ketra. Ity Lalàna mifehy ny fitantanambolam-panjakàna ity dia miavaka amin'ny :

- tsy fisian'ny hetra na haba vaovao ;

- fitazonana ireo tahan-ketra teo aloha ;
- fanohizana ny fanomezana ainga vao ara-toekarena amin'ny alalan'ny fihazonana ireo fepetra noraisina tany aloha ho an'ireo sehatra tena voakasiky ny areti-mandringan'ny COVID-19.

Ireo fepetra vaovao dia mikendry ny hanatsarana ny fahefa-mpandraisan'anjaran'ireo mpandoa hetra no sady manatsara ireo fidiran-ketra. Ireo hevi-dehibe amin'izany dia mahakasika indrindra ny :

- fanatsaràna ny fitantanana ara-ketra ;
- fampananan'antoka ireo fidiram-bola ;
- fandraisana fepetra vitsivitsy ho famporisihana ara-ketra.

Mba ho fiantohana ny fahombiazan'ireo lahasan'ny Fandraharahana ara-ketra dia misy ny fanitsiana sy fanoritana mazàva vitsivitsy novolavolaina momba ireo fitsipika amin'ny fameran-ketra. Manohy hatrany ireo ezaka sy asa mba ampidirana amin'ny aradalàna ireo sehatr'asa tsy mandoa hetra ihany koa ny Fandraharahana ara-ketra.

Miainga avy amin'ny vina hiantohana ny fitomboana ho an'ny rehetra avy eny ifotony sy ho fampiroboroana ny Draftrasa Nasionalin'ny Fitsinjaram-Pahefana Isandratana (PNDE), ny fidiram-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-Paritra Itsinjaram-pahefana (CTD) kosa etsy andaniny dia nohatevenina amin'ny alalan'ny fampiakarana ny fetra amin'ny fikajiana ny hetra tambatra. Noforonina araka izany ny fameran-ketra tokana hampiharina amin'ireo mpandoa hetra izay manana vola maty tsy nahatratra ny fetra amin'ny fandoavana TVA. Noraisina ihany koa ireo fepetra ara-ketra vitsivitsy mba ahafahan'ireo mponina marefo misitraka ny fanampian'ireo fikambanana ara-tsosialy amin'ny alalan'ny fandrisihana amin'ny fanomezana fanohanana ara-bola na ara-pitaovana ho an'ny tombotsoa iombonana. Manara-maso akaiky ny fampiharana ireo fepetra ireo hatrany ny Fandraharahana ara-ketra.

Ireo fitsipika ara-ketra vaovao noraisina dia mahakasika ny hetra amin'ny vola miditra sy ny toa azy, ny sara amin'ny fanoratana, ny haba amin'ny tataom-bidy, ireo hetram-bondrom-paritra, ny fepetra iombonana ary ny paika arahina ara-ketra vitsivitsy :

1. Fanatsarana ny fitantanana ara-ketra

- Famoronana ny fameran-ketra tokana ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty latsaky ny 400 tapitrisa Ariary (+26,50 miliara Ariary) ;

- Fanamarinana sy fikajiana ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny fanondranana (IREx) eny amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ireo antontan-taratasin-ketra aorian'ny fanambarana fanondranana ataon'ny mpandoa hetra eny amin'ireo Sampan-draharahan'ny Fadintseranana ;
- Fameran-ketra amin'ny hetra tambatra ireo olona misehatra amin'ny asan'ny fahasalamàna ary manan-tsafidy izy ny ho tataovan-ketra amin'ny hetra amin'ny vola miditra dieny eny am-pamoronany ny seha-pihariany ;
- Adidy ny amin'ny fitanan-kaonty ara-dalàna amin'ny iray amin'ireo fiteny ofisialim-pirenena na an-tsora-tànana izany na ara-kajy mirindra ;
- Famerana ny fara-fandoavana ny hetra tambatra ho an'ireo mpandoa hetra manana taom-piasana tsy manaraka ny taom-piasana mahazatra ;
- Fampitovina ny mari-bolan'ny sazin-ketra noho ny tsy fametrahana ampiharina amin'ireo mpandoa hetra amin'ny vola miditra na ohatrinona na ohatrinona ny vola matiny, amin'ny an'ireo mpandoa hetra tambatra, ary izany dia miankina amin'ny vola matin'izy ireo ;
- Fanoritana mazava momba :
 - ✓ ny andraikitra mahakasika ny fametrahana ny antontan-taratasy momba ny vidin'ny famindrana : ireo olona iharan'izany, ireo andraikitra ara-panambarana sy ara-antontan-taratasy, ireo daty fara-fametrahana izany ;
 - ✓ ny fototra famerana ny haba mifanentana mahakasika ny saram-panoratana sy famindran-tompo;
 - ✓ ny fahafahafana manala ny TVA-n'ny faktiora nividiana fanànana mifaka ilaina amin'ny fampisakafana anaty Orinasa ;
 - ✓ ny fanomezana taratasy fanamarinam-ponenana ara-ketra ;
- Fandoavana amin'ny lelavola ny tamberim-bidy mikasika ny solika araka ny voasoratra ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra ;
- Fampidirana ny fomba fitsinjaràna ireo vola ho an'ny Fanjakana sy ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana amin'ny tamberi-bidy mikasika ny solika ;
- Famerenana ireo fepetra mikasika ny fahazoan-dalana hisokatra amin'ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola ho an'ireo vahiny manana « Fahazoan-dalana hampiasa vola na Fahazoan-dalana hiasa » ;

- Fahafahana manala ny TVA izay misoratra mazava ao amin'ny fakitiora nividiana ireo vokatra tsy nahazo fanafoanan-ketra na raharaha nilaina tamin'ny fampihodinana ara-dalàna ny orinasa, ka naloa tamin'ny lahasan'ny Banky amin'ny alalan'ny finday ;
- Famoahana ampahibemaso ny anaran'ireo orinasa manan-trosa amin'ny Fanjakana amin'ny famerenana ny trosan-kaba TVA ;
- Famoronana ny Rejisitra foibe sy adidy ny amin'ny fitazomana ny rejisitra manokana momba ireo mpisitrika tena izy ho an'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra sy fiorenana araka ny lalàna.

2. Fampananana antoka ireo vola miditra avy amin'ny hetra

- Famerana ny fanalàna ireo zana-bola ampiasaina ao amin'ny orinasa tsy mpikambana nefa anaty vondrona iray, toy ireo zanabola azo avy amin'ny fandrotsahan'ny mpikambana iray vatsim-bola ;
- Fampihenana ny fe-potoana mikasika ny sata amin'ny toeram-piasana raikitra :
 - ✓ ho roapolo amby zato (120) andro ho an'ny tokotanim-piasana amin'ny fanamboarana, ny tetikasam-pananganana na tetikasam-panorenana na ireo asa fanarahamaso mifandraika amin'io tetikasa io ;
 - ✓ ho sivifolo (90) andro ho an'ny fampitaovan-draharaha.
- Fanitsiana ny hetra fandoa farafahakeliny amin'ny hetra amin'ny vola miditra (+42,52 miliara Ariary) ;
- Fameran-ketra amin'ny tsenam-barom-panjakana amin'ireo vola azo avy amin'ny tsena mikasika ireo fampanofana trano amin'ny Fanjakana (+8,50 miliara Ariary) ;
- Fanoritana mazava momba ny fameran-ketra amin'ny fitanana ifotony ireo hetra amin'ny tamberim-bidy sy ny zana-bolan'ireo olon-tsotra sy rafitra mizaka zo aman'andraikitra tsy miorim-ponenana eto (+5,90 miliara Ariary) ;
- Fanatsarana ireo fepetra ara-ketra mahakasika ny vola ho enti-miomana sy ireo fihenana-danja nanjary tsy nanana antom-pisiana (+ 23,80 miliara Ariary) ;
- Fametrahana ho anisan'ny adidy ho ireo orinasa misehatra amin'ny « Tao-trano sy taozava-baventy ny fitazomana ny fitanan-kaonty mamakafaka sy ny taratasy mirakitra ny tahirin'entana tahaka ny orinasa misehatra amin'ny taozava-baventy araka ny indostria (+ 35,25 miliara Ariary) ;

- Fametrahana ireo fepetra enti-miady amin'ny fanararaotana amin'ireo fifampiraharahana ara-bola hifanaovan'ireo orinasa heverina fa misy fifandraisany mikasika indrindra :
 - ✓ ny latsakemboka amin'ny tsinjara sara-foibe na saram-pitantanana foibe sy ny saran'ny fanampiana ara-tekhnika (+ 12,80 miliara Ariary) ;
 - ✓ ireo tamberim-bidy ;
 - ✓ ireo fividianana eny amin'ny fikambanana mpampivondrona ;
 - ✓ ireo zanabola raiki-trosa izay tsy maintsy manaja ny tahan'ny fitrosana sy ny zana-pampanjariana renivola araka ireo fitsipi-pahamalinan'ny Vaomiera Mpanara-maso ny Banky sy ny Fanjariam-bola (CSBF) ;
- Fametrahana ny sampana mifantoka amin'ny fifanakalozam-baovao iraisam-pirenena ;
- Fametrahana ireo fepetra hanamoràna ny famorian-ketra toy ny :
 - ✓ famoahana am-pahibemaso ny anaran'ireo tsy nahaloha vola ;
 - ✓ fandraràna ny fandoavana amin'ny lelavola eo amin'ny samy mpandoa hetra tsy anatin'ny ny fameran-ketra tena izy, mihoatra ny fetra izay ho faritan'ny didy enam-pitsipika ;
- Fahafahan'ny Fandraharahana ara-ketra mamoaoka fanindroany fampahafantarana voalohany mikasika ny fe-potoana iray nanaovana fitsirihana ka hajaina araka izany hatrany ireo zo amin'ny fiarovan-tenan'ireo mpandoa hetra voalazan'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra.

3. Ireo fepetra amin'ny fandrilihana ara-ketra

- Fanesorana hatramin'ny 75 isan-jaton'ireo fandania mikasika ireo fanomezana omena ireo tsangan'asa fanasoavam-bahoaka ahitan'ny besinimaro tombotsoa araka ny didim-panjakana;
- Fahafahan'ireo orinasa mandoa hetra tambatra mampiditra ireo fandania ireo ho anisan'ireo ahafahany misitraka ny fampihenana-ketra ;
- Fahafahana manala ny TVA amin'ny fividianana ireo entana natao fanomezana hoan'ireo tsangan'asa fanasoavam-bahoaka ahitan'ny besinimaro tombotsoa araka ny didim-panjakana;

- Fanafoanana ny TVA amin'ireo vokatra sy/na ireo entana amin'ny tahirin'entan'ny orinasa mpanolotra raha toa ka atao fanomezana ho an'ireo tsangan'asa voalaza etsy ambony izany.

III.1.1.3- MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-PITANTANANA NY HETRA :

Mikasika ny fanatsarana ny famorian-ketra, ny Foibem-pitondrana Ankapoben' ny hetra dia manao ho laharam-pahamehana ireto fepetra manaraka ireto :

- Fitsirihana ara-ketra (+ 50,00 miliara Ariary) ;
- Fanaparahana ny rindram-baiko SAFI (+ 97,49 miliara Ariary) ;
- Fanaraha-maso ireo fifanarahana amin'ny fanatrarana tanjona amin'ireo Foibem-pitondrana ara-paritra ny hetra sy ireo birao mpirotsaka an-tsehatra (+12,50 miliara Ariary) ;
- Fiantraikan'ny fandoavam-bola « delta » amin'ny sehatry ny solika amin'ny tahan'ny TVA ho 20 isan-jato ho an'ny GO sy SP ary fampiharana ny rafitra fanitsiana miandalana ny vidiny manara-drafitra (+73,45 miliara Ariary) ;
- Fanafoanana ny fifanarahana amin'ny fanonerana ny trosam-panjakana sy ny volany amin'ny hafa (+20,81 miliara Ariary) ;
- Fanaraha-maso ny famoriana ny Hetra amin'ny tsenam-barom-panjakana (+60,00 miliara Ariary) ;
- Fanohizana ireo ezaka ataon'ny Fandraharahana ara-ketra amin'ny fampanarahandalàna ny sehatr'asa tsy mandoa hetra (+5,80 miliara Ariary).

Tabilao : Fiantraikan'ireo fepetra araka ny lalàna sy ara-pitantanana ny hetra

Miliara Ariary

Fepetra ara-ketra ho an'ny tetibola amin'ny fitantanam-bolam-panjakana teny ampiandohana ho an'ny taona 2024	Sora-bola
Fepetra araka ny lalana (1)	270,87
Fomba famerana ny hetra vaovao tokana ho an'ny mpandoa hetra nahatratra Vola maty latsaky ny 400 000 000 Ariary	26,50
Fandoavana IMP amin'ny vola miditra avy amin'ny fampanofana trano amin'ny sampan-draharaham-panjakana	8,50
Fanatsarana ny fepetra momba ny fikarakarana ara-ketra reo vola ho enti-miomana sy ireo fihenana-danja nanjary tsy nanana antom-pisiana	23,80
Andraikitra amin'ny fitazonana ny fitanana-kaonty mamakafaka sy taratasy mirakitra ny tahirin'entana ho an'ny orinasa miasa amin'ny sehatry ny tao-trano sy asa vaventy mitovy amin'ny orinasa misehatra amin'ny taozava-baventy	35,25
Fampiharana ny fepetra momba ny vidin'ny famindrana	30,20
Fitana ifotony ny hetra sasany eo amin'ny sehatry ny lavanila	18,50
Fanitarana ny fandoavan-ketra amin'ny alàlan'ny rafitra Banky sy lahasan'ny Banky amin'ny alalan'ny finday	30,50
Fanitsiana ny ampahany azo esorina amin'ny fandaniana mahakasika ny fifampiraharaha ara-bola hifanaovan'ireo orinasa heverina fa misy fifandraisany	12,80
Fanitsiana ny fanangonam-ketra farany ambany indrindra amin'ny Hetra mikasika ny vola miditra	42,52
Fiatraikan'ny fepetra mahakasika ny fitanana ifotony ireo hetra amin'ny tamberim-bidy sy ny zana-bolan'ireo olon-tsotra sy rafitra mizaka zo aman'andraikitra tsy miorim-ponenana	5,90
Fampandehanan-ketra mifandraika amin'ny fiovan'ny hetra amin'ny fidiram-bolan'ny mpanondrana vokatra avy amin'ny fambolena sy ny ala : fampiharana ny taha 3% amin'ny teti-bidin' ny vokatra haondrana isaky ny asa fanondranana ka voafetra ho telo (3) ny fe-potoana fandoavana azy	36,40
Fepetra ara-pitantanana ny hetra (2)	320,05
Fitsiriana ara-ketra	50,00
Fametrahana SAFI	97,49
Fanaraha-maso ny fifanarahana fampandehana miaraka amin'ireo birao mpampiditra hetra rehetra, sy ireo talen-ketram-paritra	12,50
Ny fiantraikan'ny fandoavana "delta" amin'ny sehatry ny solika amin'ny tahan'ny TVA 20% ho an'ny "GO" sy "SP" ary ny fampiharana ny rafitra fanitsiana miandalana ny vidiny	73,45
Fanafoanana ny fifanarahana amin'ny fanonerana ny trosam-panjakana sy ny volany amin'ny hafa	20,81
Fanaraha-maso ny fanangonan-ketra mahakasika ny IMP	60,00
Fanohizana ny ezaka ataon'ny Sampandraharahan'ny hetra ho fampidirana ho amin'ny sehatry ny ara-dalana ireo izy mbola misehatra tsy ara-dalàna;	5,80
TONTALINY (1+2)	590,92

III.1.2- FADINTSERANANA

Mitohy ho amin'ny taona 2024 ny fampiasana ara-kajy mirindra ny fitantanana ny fizotra sy fanatanterahana ny raharaham-panjakana eo anivon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

Ankoatra izay, ny fanitarana ny fahita soritaratra ho 100% eny anivon'ny biraon'ny Fadintseranana sy ny fanavaozana ny fikirakirana ny taratasy manambara ny entana entin'ny fiaramanidina sy ny fifehezana ny fampiasana ireo fitaovana amin'ny fitantanana ny risika andranomasina sy an'habakabaka dia hanafaingana ny fandalovana eny anivon'ny sisin-tany sy ho fanatsarana ny sehatry ny fifanakalozana ara-barotra.

Ho amin'ny taona 2024, ny sehatra ivelany dia vinavinaina hitondra fahamarinan-toerana mikasika ny vidin'ny solika ary hampidangana ny fitadiavana akora fototra.

III.1.2.1- NY AMIN'NY FAMPIDIRAM-BOLA AMIN'NY HABAN-TSERANANA :

4687,0 miliara Ariary no vinavinaina ho tafiditry ny Faditseranana ao amin'ny kitapombolam-panjakana. Ny ampaha efany amin'izany fampidirana izany dia azo avy amin'ny fakan-ketra avy amin'ny fanafarana solika, ary ny 75% kosa dia azo avy amin'ny fanafarana entana ankoatra ny solika.

Toetry ny haba sy hetra (Nature des droits et taxes)	Vinavinan'ny Vola miditra (Prévision de recettes)
Haban-tseranana (Droit de Douane)	1 143 300 000
Hetra fanampiny amin'ny Fanondranana (TVA à l'importation)	2 375 500 000
Haba amin'ny solika (Taxe sur les produits pétroliers)	316 300 000
Hetra fanampiny amin'ny vokatra avy amin'ny solintany (TVA sur les produits pétroliers)	850 300 000
Haba alaina amin'ny fitanterana an-tsambo (Droit de navigation)	1 600 000
Totaliny (Somme)	4 687 000 000

Aman'Arivony

III.1.2.2- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny fanovàna noentina tao anatin'ny fehezana-dalana momba ny Fadintseranana dia mikendry ny :

- Fampidirana ny rijan-teny mahakasika ny sata ara ekonomika nankatoavina ;
- Fanafoanana ny fahazoana fanafahana amin'ny sara sy haba momba ny fepetra manokana ho an'ny sambo ;

- Fampidirana ny rijan-teny vaovao mahakasika ny sehatra fifanakalozan-kevitra araka ny torohevitra voalaza ao anaty fifanarahana momba ny fanamorana ny fifanakalozana avy any amin'ny fikambanana iraisam-pirenena momba ny varotra ;
- Fampifanarahana ny rijan-teny mikasika ny zo amin'ny Fitsarana ;
- Fanitsiana ny anaran'ireo akora azo tamin'ny alalan'ny fanodinana tsy handoavana haban-tseranana ;
- Famelana ny fahazoan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana hamarotra ny entana any amin'ny fitobian'entana miaraka amin'ny fetran'ny fifaninanana noho ny antony ho fiarovam-pirenena, ho fanasoavam-bahoaka na ho fahafahana ;
- Fanovana ny fe-potoana hidirana ao anatina faritra afak'haba ;
- Fanitsiana ny diso ara-materialy.

III.1.2.3- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADITSERANANA :

Ny fanovàna momba ny lazam-bidy amin'ny Faditseranana dia miompana amin'ny :

- Fanasarahana ny Zana-tsokajin'ny lavanila araka ny fitakian'ireo mpisehatra fa tsy azo tsinontsinoavina ny lavanila « cut » ;
- Fanasarahana ny Zana-tsokajy laharana 1001.99 hisian'ny Zana-tsokajy « froment (blé) tendre » ;
- Famerenana ny haban-tseranana amin'ny Zana-tsokajy laharana 1502.10 00 « Suif »
- Fanasarahana ny zana-tsokajy laharana 1602.10 00 ho an'ny fandoavana haba amin'ny « Autres préparation et conserve de viande, d'abats, de sang ou d'insectes » ho an'ny fampiasana sakafo ;
- Fandoavan-ketra ho an'ny siramamy amin'ny Zana-tsokajy laharana 1701.12, 1701.13 ary 1701.14 amin'ny taha 20% ho an'ny haban-tseranana, siramamy izay voasokajy ho azo ampiasain'ny mpanjifa avy hatrany ;
- Fanafahana ny haban-tseranana amin'ny fanondranana ny harena voajanahary tsy azo havaozina ;
- Fanovana ny fanambarana sokajin'entana ary fandoavan-ketra ho an'ny Zana-tsokajy laharana 3808.91 10 toy izao manaraka izao « Pour insectes volants, y compris les moustiques, présentés sous toutes les formes (spirales, spray, liquides et autres) » amin'ny taha 20% ho an'ny haban-tseranana ary 20% ho an'ny TVA ;

- Fanasokajiana ny lazam-bidy araka ny politikan'ny lazam-bidy nasionaly, manaraka ny modely navoakan'ny CNUCED ho amin'ny Sokajy laharana 3920 sy 3921.
- Fampifanarahana ny tahan'ny haban-tseranan'ny vokatra sasany tafiditra ao anatin'ny lisitra « exclusion APE » amin'ny tahan'ny NPF ;
- Fampidirana amin'ny anarana statistika nasionaly ny zana-tsokajy ho an'ny akora feheziny Fifanarahana momba ny fandrarana ny fanamboarana, ny fitahirizana ary ny fampiasana fitaovam-piadiana simika sy ny famotehana azy, manaraka ny toromariky ny fikambanamben'ny Faditseranana erantany;
- Famerenana ny haban-tseranana ho amin'ny zana-tsokajy laharana 4803.00 20 «Ouate de cellulose de 12 à 25 g/m², utilisée pour la fabrication de papier hygiénique, présentée en bobine de 1m et plus de diamètre et 20 cm et plus de largeur» ;
- Fanovana ny fanambarana sokajin'entana laharana 4818.90 10 toy izao manaraka izao « Ouate de cellulose de 12 à 25g/m², utilisée pour la fabrication de couches, présentée en bobine de 1m et plus de diamètre et de largeur inférieur ou égale à 36 cm » ;
- Fanasarahana ny zana-tsokajin'ny entana « friperie » araka ny fangatahan'ny ANMCC ;
- Fanitsiana ny fahadisoana ara-matérialy ho an'ny zana-tsokajy laharana 8701.30.

III.1.2.4- FIANTRAIKAN'NY FANOVANA :

Ny fiantraikan'ireo fanovàna ny lazam-bidy eo amin'ny fidiran-ketra dia tomanana ho 15,56 miliara Ariary ho an'ny taona 2024.

FANDANIAMBOLAM-PANJAKÀNA

III.1.3- Antontan-karama

Ny fitantanana tsara ny karama ilaina amin'ny fampandrosoana ara-toekarena ny firenena

Isan-taona ny Antontan-karama dia mipetraka ho fandania voalohany anatin'ny tetibola ankapobeny. Noho izany, ny fifehezana ny fitomboany isan-taona dia tena ilaina mba hampitoetra azy ho afaka aloa sy tsy hanasazy ireo fandania hafa entina hanatsarana ny fari-piainan'ny vahoaka Malagasy, indrindra ny Tetikasa fampiasam-bolam-panjakana sy ny

famindrampola mankany amin'ny sehatra ara-tsosialy. Ao anatin'ity Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2024 ity, ny tetibola aompana ho an'ny karama dia mitentina 4 086,86 miliara Ariary, io sorabola io dia mitana ny 5,16%-n'ny harikarena faobe ary 24,43% amin'ny Fandaniana manontolo, izay tsy mivaona amin'ny lasitra momba ny fitomboana ara-toekarena.

Raha ampitahaina amin'ny sorabola ho an'ny karama voarakitra ao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2023, ny antontan-karama ho an'ny taona 2024 dia tokony hisian'ny fitomboana +462,95 miliara Ariary. Fitomboana izay azo hazavaina avy amin'ny antony maromaro mitambatra :

- (i) singa ara-drafitra (+154,11 miliara Ariary) izay mampiova ny fitomboana ho an'ny antontan-karama toy ny fiakarana grady, ny fivoaran'ny sokajin'asa, ny fikajiana taona feno anatin'ny taona 2024 ny fampiharana ireo fepetra noraisina tamin'ny 2023, Vonjy rano vaky ho an'ny fahafatesan'ny mpiasam-panjakana mbola am-perinasa, ny ary koa ireo tambin-karama momba ny fisotroan-dronono sy ny tambin-karama noho ireo fialan-tsasatra tsy nalaina, sy ;
- (ii) singa ivelany (+308,84 miliara Ariary) toy ny fandraisana mpiasa avy amin'ny fifaninanana na fandraisana mivantana, ny fampitomboana ny tambikarama ho an'ny trano fonenana izay sitrahin'ny mpiasa eo anivon'ny Fanabeazam-pirenena ny fanitsiana ny karaman'ny mpiasa hifanaraka amin'ny vinavinan'ny fisondrotry ny vidim-piainana ho an'ny taona 2024, ny fanefana ny karama tsy voaloha tamin'ireo taona tany aloha, ary ny fandoavana ny latsakemboky ny mpampiasa ao anatin'ny Kitapombolan'ny fisotroan-dronono Sivily sy Miaramila ao anatin'ny fanefana ny elanelan'ny taha eo amin'ny latsakemboky ny Fisotroan-dronono ho an'ireo mpiasa voafehin'ny fifanarahana arak'asa tafiditra ho mpiasam-panjakana raikitra.

Nanomboka tamin'ny taona 2019, ny Fitondram-panjakana dia nizotra tamin'ny fanatsarana ny fitantanana ny antontan-karama eny anivon'ny Andrimpanjakana sy ny Minisitery mba hahatonga ny loharanon-kery rehetra, na ara-pitaovana na arak'olona hiasa ho an'ny fampivoarana ny toekarena sy hanatsarana ny kalitaon'ny tolodraharaha omen'ny Fanjakana.

III.1.4- Kitapom-bola ho an'ny fisotroan-dronono :

Mihatsara ny fahasalamana ara-bola ho an'ny rafitra fisotroan-dronono eto amintsika noho ny vokatra tsara nentin'ny fanavaozana notanterahan'ny Governemanta

Tato anatin'ny taona faramparany, ny fahasalamana ara-bolan'ny rafitra fisotroan-dronono malagasy dia nosimbain'ny fatiantoka teo amin'ny Kitapom-bolan'ny Fisotroan-dronono Sivily sy Miaramila (CRCM). Tsapa tokoa fa noho ny tsy fahampian'ny isan'ireo mpiasa izay tokony handoa latsakemboka miohatra amin'ny isan'ny mpandray fisotroan-dronono, ity kitapom-bola ity, izay, raha tsiahivina, dia manaraka ny fotokevitra hoe izay voaangona no zaraina (« par répartition »), isan-taona dia tsy maintsy vatsian'ny Fanjakana vola mba hanajana tanteraka ny zon'ireo mpiara-miasa voasoratra ao aminy. Ny taona 2024, ny sandan'io famatsiana io dia mitentina 285,95 miliara Ariary, izay 1,74%-n'ny fandanianana manontolo amin'ny tetibola ankapobeny ary 2,94%-n'ny vola miditra avy amin'ny hetra afa-karatsaka. Zava-dehibe ny hanamarihana fa raha refesina amin'ny sandany ara-bola, io fanampiana io dia hahitana fihenana lehibe tokoa raha oharina amin'ny tamin'ny 2023 (-25,23 miliara Ariary) noho ny fiantraikan'ny fandraisana mpiasa vaovao, izay hitondra amin'ny fitomboan'ny isan'ny mpandao latsakemboka ary ireo fepetra hitondrana fanavaozana nataon'ny Governemanta nanomboka ny taona 2019 hanitsiana ny rafitra fisotroan-dronono. Ohatra amin'izany, ny Fitondram-panjakana dia :

(i) nanomboka nanadio ny antontan'isa mahakasika ny mpandray fisotroan-dronono, (ii) nanova ny satan'ireo mpiasa ECD hanjary ELD noho ny tanjona hampiditra ireo mpiasa ireo ho mpikambana anatin'ny kitapom-bolan'ny fisotroan-dronono, ka hampitombo ny isan'ny mpandao latsakemboka, (iii) hanefana ireo latsakemboka ataon'ny mpampiasa tsy voaloha teo aloha. Tetibolam-paritany sy ny Kaominina an-tanàn-dehibe sasany, (iv) hamotsiana ny ampahany amin'ny latsakemboka izay miandry ny didy famerenana ireo vola mihoatra voaray izay tafiditra ao anatin'ny « compte d'attente » eo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana. Fepetra hafa ihany koa no efa an-dalana amin'izao fotoana izao, saingy atao tsikelikely ny fandraisana sy ny fampiharana azy ireo. Na izany aza, na inona na inona endriny, na izany eo amin'ny lafiny fitantanana, na eo amin'ireo singam-pamaritana na aradrafitra, ireo fanavaozana ireo dia mikendry any aoriana any ny fifandanjan'ny kaonty eo amin'ny Kitapom-bolan'ny fisotroan-dronono Malagasy.

Mikasika ny fivoaran'ny vinavinan'ny vola miditra sy mivoaka ho raketina eo amin'ny kitapom-bola roa tonta amin'ny taona 2024, dia heverina fa ny fandanianana lazaina hoe « dépenses de prestations » (fisotroan-dronono, « arrérages », vonjy rano vaky noho ny fahafatesan'ny mpisotro ronono, fanonerana ny latsakemboka, sns.) ny vola miditra avy amin'ny latsakemboka (anjaran'ny mpiasa sy ny anjaran'ny mpampiasa) dia mampiseho taham-pitomboana mitovy amin'ny voarakitra tamin'ny taona 2023, izany hoe +25,92% ho an'ny vola miditra ary +15,93% fotsiny ho an'ny fandanianana. Raha ny sanda ara-bola no jerena dia tokony hitombo +194,19 miliara Ariary ny vola miditra ka hitentina 943,32 miliara

Ariary amin'ny faran'ny taona 2024, raha toa ka +168,95 miliara Ariary ny fandaniazany izay tokony hitentina 1 229,27 miliara Ariary.

III.1.5- Fandaniazany-bola tsy mifandraika amin'ny fifandanjana sy ny fampiasam-bolam-panjakana

Fanokanana vola miompana amin'ny fahombiazana

Ny fampifandraisana ny fanatrarana ny tahan'ny fitomboan-karena sy ny fifehezana ny fitantanam-bolam-panjakana dia tsy maintsy mandalo amin'ny fanatsarana ny fanaovana ny tomban'ezaky ny fahombiazany ny fandaniazany sy ny fandraisany anjara eo amin'ny sehatra ara toekarena sy ny fitantanam-bolam-panjakana. Ankoatran'ny fanaovana ho laharam-pahamehana ny fandaniazany mifandray amin'ny sehatra sosialy sy ny sehatra fotodrafitrasa izay mampisy ny fitomboan-karena sy ny famoronana asa, ary ny sehatry ny famokarana, dia nisy ny fijerena manokana ireo mety ho fandraisana anjaran'ny fandaniazany-bolam-panjakana tsirairay avy ka ny fanavaozana ny fitantanana ny fahombiazana no hanatanterahana izany.

Io fanavaozana io dia aseho amin'ny alalan'ny fijerena ifotony ny fanovana ny Rafitry ny fahombiazana, izay ampiasain'ny rafi-draharaham-panjakana rehetra, mba hampifandray azy amin'ireo antontan-kevitra ara- tetibola ho an'ny taona. Ireo tanjona sy tondro ihany koa dia maneho tsara ny politika isan-tsehatra.

Famerana sy fanatsarana ny fandaniazany ho an'ny fampandehanan-draharaha ankoatry ny karama

Nisy fitomboana ny tetibola natokana ho an'ny fividianana ireo entana sy ireo tolotra ho an'ny taona 2024. Izany fiakarana izany dia noho ny fampandehananana ireo fotodrafitrasa vaovao vita tamin'ny taona 2023 ary ihany koa ny mety ny fiakaran'ny vidim-piainana sy ny taham-panakalozana. Anisan'ny fandaniazany voakasik'izany ny fandoavana ireo latsakemboka amin'ireo rafitra iraisam-pirenena misy an'i Madagasikara, ireo « imprimés administratifs », ireo fitaovana madinika isan-karazany ary ireo fandaniazany amin'ny fikojakojana. Ny sorabola natokana ho an'ny fividianana solika kosa dia nahena.

Ankoatr'izay, tsara ny manamarika fa ireo sorabola natao handoavana ny fandaniazany Fanjakana amin'ny jiro sy rano, izay aloa mialoha na « prépayé » dia naverina eny anivon'ny Andrimpanjakana sy Minisitery raha toa ka ny Minisitery an'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nisahana ny fandoavana izany tamin'ny taona 2023.

Mikasika ny famindram-bola, ireo sorabola natokana ho an'ireo « Etablissements Publics Nationaux » (EPN) dia tsy dia nisy fiovana raha oharina amin'ny taona 2023, indrindra ho an'ireo « Etablissements Publics à caractère Industriel et Commercial » (EPIC) izay manana fidiram-bola matanjaka. Mikasika ny sorabola natokana ho an'ny fandoavana ireo latsakemboka amin'ireo rafitra iraisam-pirenena misy an'i Madagasikara dia voaray ao ireo vola tsy mbola voaloha sy ny fidirana amin'ny rafitra iraisam-pirenena vaovao amin'ny taona 2024.

Tsara ny manamarika fa ny famindram-bola ho an'ny orinasa JIRAMA dia miseho amin'ny endrika fampindramam-bola tsy maintsy averina, na izany ho an'ny fividianana solika eny amin'ireo orinasa mpamatsy solika, na ho an'ny fanjifana angovo eny amin'ireo mpamokatra izany.

Ny fanokanana vola atao antoka ho an'ny orinasa Tozzi Green Madagascar no anisan'ny tena hampitombo ny fandania amin'ny famindram-bola.

Ny fandania amin'ny fampiasam-bola nofantenana mifototra amin'ny masontsivana mifanaraka amin'ny laharam-pahamehana.

Ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana avy amin'ny famatsiam-bola anatin'ny, ny sorabola dia nozaraina araka ny masontsivana mazava tsara ka nosokajiana ho roa izany. Ny voalohany amin'izany dia ireo fampiasam-bolam-panjakana voasokajy ho « tsy azo ialana ». Ao anatin'izany, ny fifanekena eo amin'ny Fanjakana Malagasy sy ireo Mpiaramiombon'antoka ara-Teknika sy ara-Bola, ny famindram-bola ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana eny anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana, ny fandania mifandray amin'ny fividianana amin'ny taona 2024, ary ny tambin'ireo famatsiam-bola avy any ivelany (RPI, DTI, TVA).

Ny sokajy faharoa kosa dia ireo fampiasam-bolam-panjakana voasokajy ho " laharam-pahamehana sy maika" isaky ny sehatra. Ireo dia mahakasika ny :

- Fampiasam-bola eny anivon'ireo Minisitera ao amin'ny sehatra sosialy ka anisan'izany ny fanohizana ny fanamboarana ny fantson-drano lehibe EFAHO, ny fanohizana ny fanorenana fotodrafitrasa ho an'ny ny fahasalamana sy ny fanabeazana, ny fanomezana boky fianarana ho an'ny sekolim-panjakana, ny fanomezana fitaovana madinika ho an'ireo tobim-pahasalamana, ny fanorenana sy fampitaovana ireo toeram-panofanana arak'asa, fampitaovana ireo « campus universitaire et dortoirs » ;
- Fampiasam-bola amin'ny fotodrafitrasa maro toy ny fanamboaran-dàlana, ny fanarenana ny lalamby FCE, ny fanarenana ny faritra voatondraka, ny fananganana

« zones piscicoles » sy « Unité de froid », ny fametrahana birao fitantanana ny harena an-kibon'ny tany, ny fanohanana amin'ny fanomezana masomboly ;

- Fampiasam-bola ho tombontsoan'ny tontolo iainana, indrindra fa ny fambolena sy fikarakarana ireo zana-kazo, ny fametrahana ivon-toerana fanasokajiana ny fako, ny fividianana fiara vaventy fitaterana fako ;
- Fampiasam-bola ho an'ny fandriam-pahalemana, toy ny fananganana Kaomisarian'ny Polisim-pirenena, ny fametrahana ny Faritra Fandriam-pahalemana sy Fiarovana na ireo « Zone de Défenses et de Sécurité » (ZDS) sy ireo « Base Opérationnelle Avancée » (BOA), ny fananganana tobin'ny Zandarimaria ;

Fanamafisana ny fampiasam-bola azo avy amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany

Mikasika ny fampiasam-bolam-panjakana azo avy amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany, ny firenena dia misitraka fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka aminy. Ny fifanarahana fiaraha-miasa vaovao nosoniavina dia tombanana ho 5 677,7 miliara Ariary :

Miaraka amin'ny « Agence Française de Développement » (AFD) :

- Ny « Programme d'Accompagnement des Réformes et Renforcement de Capacités (PARRC) », mitentina 7 tapitrisa euros ho fanatanterahana ny drafitra stratejika hanavaozana ny fitantanam-bolam-panjakana mandritra ny 5 taona ;
- Ny « Tetikasa BATAN (Baie d'Ambaro, de Tsimipaiky, d'Ampasindava ary de l'Archipel de Nosy-Be) », mitentina 2 tapitrisa euros hanohanana ny jono maharitra sy ny famerenana amin'ny laoniny ny ala honko ary ny fitrandrahana maharitra ny harena voajanahary ao amin'ny faritra BATAN ;

Miaraka amin'ny fiaraha-miasa Alemana na Coopération Allemande :

- Ny tetikasa « Forests for Future (F4F) » mitentina 8 tapitrisa euros izay vatsian'ny fiaraha-miasa alemana GIZ ho famerenana amin'ny laoniny ny tontolon'ny ala. Ny tanjona dia ny hamerenana amin'ny laoniny ny tany simba mba hamoronana tontolo feno ala sy lonaka ;
- Ny tetikasa « Pêche cotière durable », mitentina 10 tapitrisa euros, avy amin'ny fiaraha-miasa alemana KFW ho fandraisana anjara amin'ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary an-dranomasina any amin'ny faritra amoron-tsiraka malagasy (any ireo faritra Avaratra-Andrefana sy Atsimo-Andrefana) ;

- Ny fandaharan'asa « Paysage, Agroforesterie et Reboisement » miaraka amin'ny fiaraha-miasa Alemana KFW, nahazoana famatsiam-bola 10 tapitrisa euros natokana ho fiarovana sy fitrandrahana maharitra ary mahazaka ny fiovaovan'ny toetr'andro ny harena voajanahary sy ny zava-manan'aina.

Miaraka amin'ny Banky Arabo ho an'ny fampandrosoana ara-toekarena any Afrika na « Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique »(BADEA) :

- 28 tapitrisa dolara amerikana ho an'ny « Projet d'études et de construction du Fly-over Maki »;
- Ny « Programme indicatif pluriannuel (2021-2027) » miaraka amin'ny Vondrona Eoropeanina, misehatra amin'ny fampihenana ny fahantrana, hiadiana amin'ny tsy fitoviana ary hahatratrarana ny fitomboana ara-toekarena maharitra, ary izany dia hitohy amin'ny taona 2024 ;
- Ny « Pacte Vert », mitentina 50 tapitrisa euros ;
- Ny « Facilitation de coopération » mitentina 5 tapitrisa euros ;
- Ny « Tompon'andraikitra isika Djiby- Toutes responsables et redevables » mitentina 44,559 tapitrisa euros ;
- Ny « UE Santé – Ezaka ho Tomady » mitentina 32,5 tapitrisa euros ;
- Ny « Energie Renouvelable et Durable » mitentina 29,5 tapitrisa euros ;

Miaraka amin'ny Banky Iraisam-pirenena (IDA) :

- Ny « Projet de Productivité et de résilience des moyens de subsistance en milieu rural » mitentina 200 tapitrisa dolara hanatsarana ny vokatry fambolena any amin'ny faritra Alaotra Mangoro sy Sofia ;
- Ny « Projet retard de croissance-PARN II MPA nutrition » mitentina 85 tapitrisa dolara mba hiadiana amin'ny fahataran'ny fitomboana eo amin'ireo zaza malagasy ;
- Ny « Projet SADC statistique-STATCAP 2 ».

Miaraka amin'i Japana (JICA) :

- Ny « Projet de promotion de l'agriculture orientée vers le marché ou SHEP », entina hanampiana ny tantsaha hamokatra mba hivarotra.

- Ny « Projet de renforcement des capacités pour la gestion de maintenance des routes et des ponts (F3LTM) » entina hanatsarana ny fitantanana ireo lalana eto Madagasikara.
- Ny « Projet d'élaboration de cartographie maritime pour Toamasina ».

Ho jerena manokana ihany koa ho an'ny taona 2024 ny fomba hafa entina hamatsiana vola amin'ny alalan'ny famarotana ireo « Crédits Carbones ». Efa nisy ny fandoavam-bola voalohany mifandraika amin'io varotra io tamin'ny taona 2023 izay fiarahamiasa tamin'ny Banky Iraisam-pirenena saingy kosa misokatra amin'ireo mpiaramiombon'antoka hafa izany amin'ny taona 2024.

III.3 NY TROSAM-PANJAKANA

TROSA IVELANY

Raha nitentina 1 008,8 miliara Ariary ny fitambaran'ny vola ho efaina voarakitra tao amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2023 dia vinavinaina ho 914,3 miliara Ariary kosa izany ato amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2024 voalohany. 631,9 miliara Ariary amin' izany no renivola ary mitotaly 282,4 miliara Ariary kosa ny zanabola.

TROSA ANATINY

Ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2024 dia tomanana ho 372,7 miliara Ariary. Izy ireo no miantoka ny zanabola aloa amin'ny taratasim-bolam-panjakana sy ny vola miditra amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasim-bolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia vinavinaina ho eo amin ny 12%.

III.4 - NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Ny tena manamarika ny kaontin'ny fampindramam-bola dia ny fanampiana ara-bola atao amin'ireo orinasa miankina amin'ny Fanjakana. Hisy sorabola 346,8 miliara Ariary hofaritana ao amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolampanjakana 2024 ka ny 290,7 miliara amin'izany dia miendrika fampindramam-bola :

- 256,4 miliara Ariary : ho an'ny orinasa SPAT mahakasika ny fanitarana ny seranan-tsambo ao Toamasina ;

- 34,2 miliara Ariary : ho an'ny orinasa JIRAMA ao anatin'ilay Tetikasa « Andekaleka hydropower ».

Raha ny momba ny kaontin'ny varotra dia hifandanja eo amin'ny 1 229, 3 miliara Ariary ny vola miditra sy mivoaka amin'ny tahiry fandoavana ny fisotroan-dronono. Hitohy hatrany ny ezaka ataon'ny Fanjakana mba hampihenana ny fatiantoky ny tahirimbolan'ny fisotroan-dronono amin'ny taona 2024.

Mahakasika ny kaontin'ny varotra dia ahatratra 2012 miliara Ariary ny fandraisana anjara ataon'ny Fanjakana amin'ny renivolan'ny orinasa ka 169, 0 miliara Ariary dia amin'ireo Vondrona Iraisam-pirenena.

III.5 - NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) ho an'ny taona 2024, dia vinavinaina ho 0, 3 miliara Ariary. Ny fampiasambola ho famatsiana ny hana-pamokarana kosa dia hahatratra 12, 1 miliara Ariary.

III.6- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA

Ny famatsiana avy eto antoerana ny fatiantoka ara-tetibolan' ny Fanjakana dia ho tanterahina amin' ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny Banky sy ny ivelan'ny Banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 1 860, 3 miliara Ariary ny vola andrandraina hiditra raha toa ka 2 602,4 miliara Ariary ny famerenam-bola hatao. Noho izany dia hihena 742, 1 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2024. Ho fanampin'izany, ny tahirimbolan-panjakana dia haka avansy avy amin'ny Banky Foiben' i Madagasikara.

Ny tetibolan-panjakana ho an'ny taona 2024 dia hisitraka fanampiana avy any ivelany miendrika trosa mitotaly 3 555,4 miliara Ariary ka ny 3 382,7 miliara Ariary dia ho entina hamatsiana tetikasa. Ny fanampiana ara-tetibola avy amin'ny Banky Afrikana momba ny fampandrosoana (BAD/FAD) dia hitentina 30,0 tapitrisa UC.

Ankoatra izay, ny fandinihina farany ny fanatanterahina ny tetikasa ara-toekarenan'i Madagasikara miaraka amin'ny FMI ao anatin'ny « Facilité Elargie de Crédit (FEC) » dia hotanterahina amin'ny taona 2024, izay ahafahan'ny Fanjakana mahazo 24,4 tapitrisa DTS ho fanampiana ny tetibolan-panjakana.

Toy izany sy izany no antonanton'izao lalàna izao.

**LALÀNA LAHARANA FAHA – 2023 - 021
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2024**



LALÀNA LAHARANA FAHA 2023-021 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2024

Nolanian'ny Antenimireampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriambe izay nataony, izao lalàna manaraka izao:

I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy Fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2024.

ANDININY FAHA-2

FEHEZAN-DALANA MOMBA NY HETRA SY NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA

ANDININY FAHA 2.1

FEHEZAN-DALANA MOMBA NY HETRA

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

BOKY I
HETRAM-PANJAKANA
FIZARANA VOALOHANY
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY
LOHATENY I
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA
ZANA-DOHATENY I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)
TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA
SOKAJY I
VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.01.02.-

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ireo paragirafy roa voalohany amin'ity andininy ity:

« Raha tsy mifanohitra amin'ireo fifanarahana iraisam-pirenena, amin'ny firenena roa na maromaro, dia iharan'ny hetra amin'ny vola miditra, raha tsy hoe nahazoana fanafoanan-ketra voafarit'ireo fepetra amin'ity Fehezan-dalàna ity izany, ireo vola rehetra azo teto Madagasikara, na inona na inona karazany nataon'ireo olon-tsotra na ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra izay manana na tsia toeram-piasana raikitra, tsy iharan'ny IRSA ka ny vola maty sy/na vola miditra dia mihoatra na mira amin'ny Ar 400 000 000 na koa amin'ireo olona nisafidy ny fameran-ketra tena izy. »

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ireo teboka g) sy h) amin'ny paragirafy faha 4 amin'ity andininy ity :

« g) Ny tokotanim-piasana amin'ny fanamboarana, ny tetikasam-pananganana na tetikasam-panorenana na ireo asa fanarahamaso mifandraika amin'io tetikasa io, raha toa ka io tokotanim-piasana amin'ny fanamboarana, io tetikasa io na ireo asa ireo dia maharitra mihoatra ny roapolo amby zato (120) andro ;

« h) Ny fampitaovana ataon'ny orinasa, ny raharaha, anatin'izany ny fanomezana torohevitra, amin'ny alalan'ny mpiasa na olona hafa alain'ny orinasa hanao izany, raha asa mitovy karazana aminy ihany ka mitohy eto Madagasikara (ho an'ny tetikasa iray na ny mifandray aminy) ho

an'ny fe-potoana iray na fe-potoana mihoatra ny sivifolo (90) andro an'ny taona miatomboka na mifarana amin'ny taom-piasana ara-ketra voakasik'izany.

SOKAJY II VOLA MIDITRA TSY IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.01.03.

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny 9° amin'ity andininy ity :

“9° Ireo vokatra avy amin'ny zanabola amin'ny fampisamborana voalazan'ireo andininy 01.04.02 sy 01.04.03 ;”

SOKAJY IV OLONA IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.01.05.-

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny II amin'ity andininy ity:

« II- Ireo olona monina maharitra ivelan'i Madagasikara dia iharan'ny hetra amin'ireo vola miditra azo teto Madagasikara araka ny andininy 01.01.04.

Heverina ho toy ny manana toerana fonenana maharitra eto Madagasikara :

1° Ireo olona manana toeram-ponenana ampiasainy amin'ny maha tompony azy, mpisitraka na mpanofa ;

2° Ireo izay tsy manana toeram-ponenana araka ireo fepetra voafaritry 1° etsy ambony kanefa manana toeram-pivantanana mahazatra ;

Ireo fepetra sy fomba arahina amin'ny fanomezana ny taratasy fanamarinam-ponenana ara-ketra dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

Iharan'ny hetra voalazan'ity Lohateny ity ihany koa, ireo olona, manana na tsia toeram-ponenana mahazatra eto Madagasikara, izay mahazo tombony na vola miditra hakana hetra eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fifanarahan'ny firenana roa na iraisam-pirenena mikasika ny fameran-ketra roa sosona. »

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny V- amin'ity andininy ity

« V- Ireo olon-tsootra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra misehatra amin'ny fanabeazana na ohatrinona na ohatrinona ny vola miditra dia iharan'ny hetra amin'ny vola miditra ny fitambaran'ny vola miditra aminy.

Afaka misafidy handoa ny hetra amin'ny vola miditra ireo olona misehatra amin'ny fahasalamana eo am-panombohana ny asany.

Ireo fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika. »

Andininy 01.01.06.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

« Ireo mpikambana tsirairay amin'ny orinasa kaoperativa izay manana vola maty sy/na vola miditra ka mahatratra ny fetra araka ny voalazan'ny andininy 01.01.02 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia iharan'ny hetra alaina amin'ny vola miditra avy amin'ny fitambaran'ireo vola miditra aminy. »

**TOKO IV
FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

Andininy 01.01.10.

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ny 1) amin'ity andininy ity :

« Ireo fandaniana mifandray amin'ny fiahina ny ara-pahasalamana amin'ny endriny rehetra naloan'ny mpampiasa ho an'ny tombotsoan'ny mpiasany tsy an-kanavaka dia azo esorina hatramin'ny 10 isan-jaton'ny antontan-karama »;

b- Ampidirana tsipika farany izay mirija toy izao amin'ny faran'ny paragirafy faha 3 amin'ny 1° amin'ity andininy ity :

« Ireo fandaniana na ampahany amin'ny fandaniana tsy nanaovana fanambarana amin'ny fahefana mitaky voafarit'ireo andininy IV-01 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra raha toa ka tafiditra amin'ireo angom-baovao tokony ampahafantarina izany » ;

c- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 ao amin'ny 3° amin'ity andininy ity:

« Ireo vola ho enti-miomana sy ireo fihenan-danja izay, ampahany na manontolo, ka tsy nifanaraka tamin'ny tokony nampiasana azy na nanjary tsy nanana antom-pisiany amin'ny taom-piasana manaraka, dia afindra any amin'ny vokatr'io taom-piasana voalaza io. Raha toa ka tsy nataon'ireo mpandoa hetra ny famindrana izany na nafindrany mivantana tao amin'ny kaontin'ny fananana enti-mamokatra, ny Fandraharahana ara-ketra dia afaka manao ireo fanitsiana ilaina amin'izany rehefa nahita fa ireo vola ho enti-miomana dia tsy manana antom-pisiana na tsy nifanaraka tamin'ny antony tokony nilana azy na nolaniuma kanefa tsy nosoratana tao amin'ny vokatra. Amin'izany, ireo vola ho enti-miomana sy ireo fihenan-danja, raha misy izany, dia soratana amin'ny vola miditra tranainy indrindra amin'ireo taom-piasana anatin'ny fe-potoana ananan'ny Fanjakana mifehy ny hetra iverenana.

d- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 5 amin'ny 3° amin'ity andininy ity:

« Ireo fihenana-danja amin'ny kaontin'ny mpanjifa dia azo esorina raha mifanaraka amin'ireo fepetra ankapobe takian'izany. Ankoatra izany, ireo trosa dia raisina tsirairay ary nanaraka ireo paika arahina amin'ny raharaham-pihavananana sy ara-pitsarana amin'ny fanenjehana. »

e- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ny 4° amin'ity andininy ity:

« Ireo zanabola amin'ireo vola tokony aloa amin'ny olon-kafa. Na izany aza, ho an'ireo zanabola omena ireo mpiombon'antoka, ny amin'ireo vola arotsany ao amin'ny kitapom-bola sosialy ankoatr'ireo anjara renivolany, raha toa ka voarotsaka manontolo izany, ny zana-bola azo esorina dia voafetra tsy hihoatra avo roa heny amin'ireo fananana enti-mamokatra amin'ny taha tsy mihoatra amin'izay nankatoavin'ny Banky Foiben'i Madagasikara ampiana isa 2. Io famerana io dia mihatra ihany koa amin'ireo zanabola narotsaka tamin'ny orinasa iray tsy mpiombon'antoka nefa samy ao anatin'ny vondrona. »

f- Ampidirana paragirafy faha 2 izay mirija toy izao amin'ny faran'ny 6° amin'ity andininy ity:

« Mahazo fanesoran-ketra hatramin'ny 75 isan-jato ihany koa ireo vesatra mifandraika amin'ireo fanomezana omena ireo tsangan'asa fanasoavam-bahoaka ahitan'ny besinimaro tombotsoa araka ny didim-panjakana. »

g- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 7° amin'ity andininy ity :

« 7° Ireo fandaniana mifandray amin'ny fifampiraharaha ara-bola ataon'ireo orinasa heverina fa misy hifandraisany, izay manana ny mombamomba azy faritan'ny didy amam-pitsipika, izay tsy mihoatra ny :

a) 10 isan-jaton'ny saran-draharaha ankapoben'ny taom-pikatrohana natao teto Madagasikara, ho an'ny tsinjara sara-foibe na saram-pitantanana foibe sy ny saran'ny fanampiana ara-tekhnika;

b) 10 isan-jaton'ny tombony tsy afakaratsaka amin'ny famokarana, ho an'ireo tamberim-bidy amin'ny marika sy 15 isan-jaton'io tondron-faoka io ihany ho an'ireo tamberim-bidy amin'ny birenty famoronana mahakasika ireo fananana tsy azo tsapain-tanana voakasik'izany ;

c) 5 isan-jaton'ny entambarotra novidina teny amin'ny fikambanana mpampivondrona ho an'ireo tambim-bola narotsaka izay tsy maintsy ilàna ny fakitioara naloan'ilay ivotoeram-pividianana ;

d) Tahan'ny fitosana sy ny zana-pampanjariana renivola eken'ny fitsipi-pahamalinana nataon'ny Vaomiera Mpanaraha-maso momba ny Banky sy ny Fitantanam-bola (CSBF)-n'ny Banky Foiben'i Madagasikara, ho an'ireo zanabola raiki-trosa aloan'ny orinasa mpampindrana, raha tsy mifanohitra amin'ny voalazan'ireo fepetra amin'ny Fifanarahana ara-ketra mikasika ny tsy fameran-ketra roa sosona. »

TOKO VI FOMBA FAMERANA NY HETRA

Andininy 01.01.13.

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ireo I- sy II- amin'ity andininy ity :

« I- Ny fomba fameran-ketra mahazatra dia ny valiny tena izy.

Ho an'ireo olona manana vola maty sy/na vola miditra mihoatra na mira amin'ny Ar 400 000 000 na nisafidy izany dia ampiarana ny fameran-ketra tena izy.

Ireo orinasa vao natsangana araka ireo asa aman-draharahany avy, ireo fampiasam-bola novinavinaina ary mahafeno ireo fepetra voafaritry ny didy amam-pitsipika, ary nanao fangatahana momba izany, dia afaka misafidy ny fameran-ketra tena izy.

Ny fameran-ketra tena izy nosafidiana dia ankatoavin'ny birao ara-ketra miandraikitra ny fananganana ireo orinasa na ny sampan-draharaha mitantanana ireo antontan-taratasy ara-ketra aorian'ny fangatahana natao. Raha tsy tanteraka ireo fepetra ireo noho ny antony samihafa, ny fijanonana na ny fampidinana fameran-ketra ho an'ny taom-piasana manaraka, dia ataon'ny Fandraharahana ara-ketra araka ny antony narosony amin'izany.

Ny fameran-ketra tena izy nankatoavina dia mihatra manomboka amin'ny andro voalohany amin'ny volana nampahafantarana ny fanekena.

II- Ny valiny ara-ketra dia faritana araka ny valiny amin'ny fitanan-kaontin'ny taom-piasana araka ny voafaritry ny andininy 01.01.20. Raisina amin'izany ny fitambaran'ireo vola miditra avy amin'ny fampanofana trano sy ireo vola miditra avy amin'ny asa aman-draharaha hafa.

Ny fampidinana fameran-ketra amin'ny tsy fahampian'ny vola miditra dia ambaran'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantanana ireo antontan-taratasin-ketra tsy misy fierana, ary ireo fomba ampiarana izany dia faritan'ny didy amam-pitsipika. »

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny IV- amin'ity andininy ity :

« 1° Amin'ny fikajiana ny hetra alaina amin'ny vola miditra, ny orinasa izay manao fifanakalozana ara-bola na ara-barotra iray na maromaro momba ireo fananana azo na tsy azo tsapain-tanana na raharaha amin'ny orinasa mpiombon'antoka aminy ivelan'i Madagasikara, dia tsy maintsy mamaritra ireo vidin'ny famindrana amin'ny lafiny ara-ketra, mifanaraka amin'ny foto-kevitra ny fifaninanana feno, izay mifototra amin'ireo angom-baovao ananany amin'ny fotoana hanaovana ny fifanakalozana. »

2° Azo ampiasaina ihany koa io foto-kevitra io amin'ny fikajiana ireo tombom-barotra azo afindra any amin'ny toeram-piasana raikitra ny orinasa any ivelany, izay mitoetra eto Madagasikara.

3° Ireo fepetra voalaza amin'ny 1° dia azo ampiharina ihany koa amin'ireo fifanakaloza ara-barotra sy ara-bola ifanaovan'ireo orinasa mpiombon'antoka eto Madagasikara manana fomba na taham-pameran-ketra samy hafa.

4° Raha toa ka ifanarahan'ireo orinasa roa mpiombon'antoka ireo fepetry ny fifanakalozana voalaza teo aloha na didin'ny iray amin'izy ireo nefa tsy mifanaraka amin'ny foto-kevitra ny fifaninanana feno, ny mpandoa hetra dia tsy maintsy, amin'ny alalan'ny fanambarana vola miditra ataony, miroso amin'ny fanitsiana ny fototra amerana ny hetra. Amin'izany tranga izany, dia tsy maintsy mampiditra ao amin'ny tombom-barotra iharan'ny hetra amin'ny elanelana misy amin'ireo vidiny nifanarahana na niharan'ny hetra sy ny vidiny voafaritry araka ny foto-kevitra ny fifaninanana feno izy.

5° Ireo mpandoa hetra mamaly ireo refim-pahalehibeazana voalaza ao amin'ny andininy IV-08 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia tsy maintsy mametraka ireo antontan-taratasy amin'ny vidin'ny famindrana. Izy ireo dia :

- tsy maintsy manao fanambarana amin'ireo tovan'ny antontan-taratasy voalaza ao amin'ny fepetry ny andininy IV-09 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, amin'ny daty voafaritry ny andininy IV-10 amin'ity Fehezan-dalàna ity, ara-elektronika ao amin'ny sehatra natokana amin'izany ; sy

- tsy maintsy mametraka antontan-taratasy izay mitahiry ny ambin'ireo tovana sy mametraka izany amin'io sehatra manokana io raha toa ka misy fitsirihana ara-ketra, araka ireo fepetry ny andininy V-24 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra.

Izany antontan-taratasy izany dia atao amin'ny fiteny malagasy na frantsay.

6° Mandritry ny fitsirihana ara-ketra voafaritry ireo andininy V-19 sy ny manaraka amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, ny Fandraharahana ara-ketra dia manana zo ihany koa hanao fanitsiana amin'ny orinasa hanaovana izany raha toa ka ny fandalinana ny fampitahana ny vidin'ny famindrana nampiharina sy ny vidin'ny fifaninanana feno dia mampiseho ny mety isian'ny fanitsiana ny fototra amerana ny hetra kasaina atao.

7° Ireo fepetra amin'ireo 4°, 5° sy 6° voalaza teo aloha dia mihatra ihany koa amin'ny orinasa miorina eto Madagasikara, izay manao fifanakaloza ara-barotra na ara-bola iray na maromaro amin'ny orinasa mpiombon'antoka na tsia niorina ao amin'ny firenena na any ivelany izay manana fameran-ketra mahazo tombotsoa manokana.

8° Ireo orinasa dia heverina ho iharan'ny fepetra ara-ketra mahazo tombotsoa manokana ao amin'ny firenena na faritra iray, raha toa ka tsy iharan'ny hetra ao izy na raha toa ka iharan'ny hetra amin'ny tombom-barotra na amin'ny vola miditra, izay ny totaliny farafahabetsany dia mitovy amin'ny antsasaky ny hetra amin'ny vola miditra izay tsy maintsy naloany araka ireo fepetry ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka eto Madagasikara, raha toa ka tokony handoa izany izy.

9° Azo lazaina ho misy ny fifampiankinana eo amin'ny orinasa roa :

a) raha toa ka ny andaniny dia manana mivantana na olona hafa manelanelana mitondra ny ampahany betsaka amin'ny renivola fototry ny ankilany na miasa mivantana na amin'ny alalan'ny olona hafa omena fahefana hanapaka ; na

b) raha toa ny andaniny sy ny ankilany ka mipetraka eo ambany fanaraha-maso ny olona iray na orinasa hafa araka ireo fepetra voafaritry ny a).

Na izany aza, tsy maintsy arahina ny famaritana ireo orinasa mpiombon'antoka voafaritry ny andininy 9 amin'ny 1. (a) sy (b) mba ampiharana ny Fifanarahana ara-ketra mikasika ny tsy fameran-ketra roa sosona manokana amin'ny famaritana ny vidin'ny famindrana.

Ireo fomba fampiharana ireo fepetra amin'ny vidin'ny famindrana dia voafaritry ny didy amam-pitsipika. »

c-Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny V- amin'ity andininy ity:

« V- Ny vola miditra amin'ireo olona voalazan'ny andininy 01.01.05.VI amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia miteraka ny fandraisana ny hetra alaina amin'ny vola miditra isaky ny fanondranana entana.

Ny hetra dia kajian'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantanana ny antontan-taratasin-ketra araka ireo filazana natao aorian'ny fanondranana teny amin'ireo Sampan-draharahan'ny Fadintseranana.

TOKO VII FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.01.14.-

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny manomboka amin'ny paragirafy faha 6 amin'ny A ao amin'ny I- amin'ity andininy ity:

« Na ahoana na ahoana, ny hetra dia kajiana amin'io taom-piasana io dia tsy tokony ho latsaky ny fetra farany ambany voafaritry manaraka ireto :

- **Ariary 500 000, tataovana 1 isan-jaton'ny vola maty isan-taona tsy misy haba tamin'ny taom-piasana ho an'ireo fikambanana miasa amin'ny sehatra fambolena, tao-zavatra, fitrandrahan-karena, harena ankibon'ny tany, mikasika ny trano fandraisam-bahiny, ny fizahan-tany ;**
- **Ariary 1 000 000, tataovana 1 isan-jaton'ny vola maty isan-taona tsy misy haba ho an'ireo orinasa hafa tao anatin'ny taom-piasana.**

Na izany aza, io hetra farany ambany io dia roa isan'arivon'ny vola maty tsy misy haba tao

anatin'ny taom-piasan'ireo mpandoa hetra mpivarotra solika antsinjarany. Raha toa manao asa isan-karazany voan'ny hetra dia tsy maintsy hanaovana fitanan-kaonty sy filazana misaraka amin'ny fivarotana solika antsinjarany ary hampiharana ny hetra fandoa farafahakeliny mifanaraka amin'ny asa atao. »

Ho an'ireo mpanao fitanterana olona sy entana an-tanety, an-dranomamy sy an-dranomasina, ny hetra fandoa farafahakeliny dia voafaritry ny didy amam-pitsipika voalazan'ny paragirafy faha 3 amin'ny andininy 01.02.05. »

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny II- amin'ity andininy ity :

« II- Ho an'ireo olona voatondron'ny andininy 01.01.05 II, dia ampiarina ny taha 10 isan-jato, raha tsy mifanohitra amin'ny voalazan'ireo fepetra amin' ny Fifanarahana ara-ketra mikasika ny tsy fameran-ketra roa sosona :

A. amin'ny vola naloa ho an'ny olon-tsotra, orinasa na fikambanana hafa tsy manana fananan-draharaha mifaka eto Madagasikara na manana fananan-draharaha mifaka tsy azo ampitoviana amin'ny toeram-piasana raikitra ho saran'ny saikin'asa isan-karazany natao miharihary na nampiasaina tanteraka teto Madagasikara.

Ny hetra dia sahanin'ny olona mpisitraka ny vola miditra. Izany dia tanana ary arotsaka any amin'ny Mpanjara hetra mahefa ara-paritra ataon'ny solontena ekena manoloana ny Minisitara miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra ary manaiky ny hanaraka ireo andraikitra rehetra toy izay ataon'ny mpandoa hetra miasa eto Madagasikara, alohan'ny faha-15 ny volana manaraka nanaovana ny fitazonan-ketra.

Raha tsy misy io solontena io, dia ilay olona na fikambanana izay nanaovana ny asa miharihary sy novitaina tanteraka no manao ny fitanana sy mandrotsaka ny hetra ao anatin'ny fotoana voatondro io ihany. Ny sazy noho ny fahatarana mikasika izany dia zakain'ilay olona nanao ny fitanana.

Na izany aza, ireo olona ireo dia iharan'ny fepetry ny andininy 01.01.44 sy ny manaraka ho an'ireo asa mikasika ny tsenam-barom-panjakana.

B. ny anjara vola narotsaka ho an'ireo olontsotra tsy monina eto an-toerana, na eo aza ireo fepetra amin'ny andininy 01.01.03.-11.

C. amin'ireo tamberim-bidy isan-karazany narotsaky ny olon-tsotra na fikambanana monina eto Madagasikara ho an'ireo olona tsy monina.

Ny fitanana dia ataon'ny fikambanana eto an-toerana izay miantoka ny fandrotsahana izany ao amin'ny Mpitam-bolan'ny Ivon-ketra mitantana ny antontan-taratasy alohan'ny faha 15 ny volana manaraka nanaovana io fitanana io.

c- Ovàna toy izao manaraka izao ny paragiry faha-2 amin'ny rijan-tenin'ny IV- amin'ity andininy ity :

Ny hetra dia kajian'ny Lehiben'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mahefa ara-paritra na ny izay olona nomeny fahefana amin'ny fotoana ametravana ny fanoratana ny sora-panekena mikasika ny famindrana fananana na zo.

d-Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny V- amin'ity andininy ity :

« V- Ho an'ireo olona miasa amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ireo ao amin'ny fahasalamana nisafidy ny hetra amin'ny vola miditra, araka ny voalazan'ny andininy 01.01.05.-V amin'ity Fehezan-dalàna ity sy nahazo fahazoan-dalana hisokatra avy amin'ny Minisitery miahidy azy avy, dia ampiharana ny taha 10 isan-jato amin'ireo vola miditra aminy mandritra ny taom-piasana, aorian'ny fanesorana ireo fandaniana izay mahafeno ireo fepetra takian'ny andininy 01.01.10.

Na ahoana na ahoana, ny hetra nokajiana mandritra ny taom-piasana dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 200 000 ampiana 2 isan'arivon'ny vola maty. »

e-Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny VI- amin'ity andininy ity :

« VI- Ho an'ireo olona manana vola miditra avy amin'ireo raharaha voalaza ao amin'ny andininy 01.01.13 V amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia ampiharana ny taha 3 isan-jato amin'ny sanda ara-padintseranana amin'ireo entana aondrana.

- Ny hetra dia kajian'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantanana ny antontan-taratasin-ketran'ireo mpanondrana entana araka ireo filazàna fanondranana nataony ;

- Ny hetra dia efaina eny amin'ny Mpandray vola momba ny hetra amin'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantanana ny antontan-taratasin-ketran'ireo mpanondrana entana io ihany farafahatarany ny faha- 15- n'ny volana manaraka ny volana faharoan'ny nanaovana ny filazàna ny fanondranana entana. »

- Ireo mpanondrana vokatry azo avy amin'ny fambolena sy avy amin'ny ala dia mandoa vola fandrotsaka mialoha Ar 100 000 eo ampanaovany ireo fomba arahina tany am-piforonana. Na izany aza, tsy takiana vola fandrotsaka mialoha isam-banim-potoana intsony ireo olona izay tsy manao afa-tsy ny fanondranana ireo vokatry ireo.

Ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika. »

TOKO X ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 01.01.19.-

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Eo amin'ny lafiny ara-ketra, ireo olona sy ireo orinasa iharan'ny famerana araka tena izy dia tsy maintsy mitazona fitanan-kaonty ara-dalàna amin'ny iray amin'ireo fiteny ofisialy eto Madagasikara ary tsy maintsy ampiharahina amin'izany ny filazana voalazan'ny andininy I-11 ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, ireo filazàna toebola ahitana ny dika mitovy amin'ny todikefa, kaontin'ny fatiantoka sy ny tombony isaky ny andraikitra, kaontin'ny

fatiantoka sy ny tombony isaky karazany, fafana maneho ny fivezivezen'ny vola miasa, ny filazàna amin'ny fiovan'ireo fananana enti-mamokatra, ny tovan'ireo filazàna toebola ary koa ireo filazàna tsotsotra miaraka amin'izany. »

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny manomboka amin'ny paragirafy faha 5 amin'ity andininy ity :

« Na eo aza ny voalazan'ireo fepetry ny paragirafy voalohany, ireo olona voalazan'ny andininy 01.01.05.- V dia tsy maintsy mitana :

- *ny firaketana isan'andro ny vola miditra sy ny fandaniana raha toa ka latsaky ny Ar 100 000 000 ny vola miditra aminy ;*
- *Mitazona ny fitanan-kaonty manaraka ny rafitra tsotra indrindra (SMT) mifanaraka amin'ny Drafy-pitanan-kaonty ankapobe 2005 napetraky ny Didim-panjakana laharana 2004-272 tamin'ny 18 febroary 2004 raha toa ny vola miditra ka anelanelan'ny Ar 100 000 000 sy Ar 200 000 000 ;*
- *fitanan-kaonty amin'ny taom-piasana ho an'ireo vola miditra mihoatra na mitovy ny Ar 200 000 000.*

Na eo aza ireo fepetra voatanisa tetsy ambony, ireo olona manana vola maty latsaky ny Ar 200 000 000 dia afaka misafidy ny fitanan-kaonty amin'ny taom-piasana.

Tsy maintsy mametraka ireo filazana toebola na ireo filazana manaraka ny SMT na ny filazana manambatra ireo vola miditra sy mivoaka, izay miankina amin'ireo andraikitra amin'ny fitanan-kaonty tsy maintsy ataony araka ny vola miditra aminy, miaraka amin'ny fanambarana voalaza ao amin'ny andininy I-11 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra izy ireo. »

Andininy 01.01.21:

Ampidirina paragirafy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

« Ny raharaha rehetra ambonin'ny fetra izay voafaritry ny didy amam-pitsipika ifanaovan'ny olona tsy voafehin'ny fameran-ketra tena izy dia tsy maintsy atao ara-taratasim-bola na taratasim-barotra hafa tsy nofenoina, famindram-bola na karatra fakana vola amin'ny Banky na lahasan'ny Banky amin'ny alalan'ny finday. »

**ZANA-DOHATENY II
SARA SY HETRA MIVANTANA ALAINA AMIN'NY SOLIKA**

**TOKO I
SARA**

Andininy 01.01.29.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny sara dia aloa amin'ny lelavola araka ny voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra. »

Andininy 01.01.30.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Ireo haba alaina amin'ireo vokatra avy amin'ny solitany aloan'ireo orinasa dia tsinjaraina toy izao :

- 50 isan-jato ho an'ny OMNIS ;

- 50 isan-jato ho an'ny Fanjakana sy ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-Pahefana, ka ny 25 isan-jato amin'izany dia ho an'ny Kitapombolam-panjakana ary ny 75 isan-jato dia ho an'ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana. »

Ny fitsinjarana ny anjara vola ho an'ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-Pahefana dia atao toy izao :

- 20 isan-jato ho an'ny Tahirim-pirenana natao ifampitsinjovana ;

- 47 isan-jato ho an'ny kitapom-bolan'ny Kaominina ;

- 33 isan-jato ho an'ny kitapom-bolan'ny Faritra.

**ZANA-DOHATENY III
HETRA AMIN'NY TSENAMBARO-PANJAKANA (IMP)**

**TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA**

**SOKAJY II
VOLA MIDITRA TSY IHARAN'NY HETRA**

Andininy 01.01.46.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha 2 amin'ity andininy ity :

« - Ireo vola miditra avy amin'ny tsenam-barotra voatanisan'ny andininy 4 IV n'ny Fehezan-dalàna amin'ny tsenam-barom-panjakana, tsy voakasik'izany ireo vola azo avy amin'ny fampanofana trano amin'ny Fanjakana ; »

**TOKO VII
ANDRAIKITR'IREO MPANDOA HETRA**

Andininy 01.01.54.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ankoatra ireo andraikitra voafaritry ny andininy teo aloha, ireo orinasa tsy manana afa-tsy vola miditra avy amin'ny tsenambarom-panjakana na tsia dia tsy maintsy manao ireo andraikitra ara-pitanan-kaonty sy filazana voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, araka ny fomba famerana ny hetra indrindra araka izay voalazan'ireo andininy I-11 amin'ny Fehezan-dalàna

amin'ny paika arahina ara-ketra, 01.01.19, 01.01.21, 06.01.16 na 01.02.06 paragirafy faha 3 sy 01.02.07 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Andininy 01.01.55.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ho an'ny tompona tsena nefaina tamin'ny alalan'ireo fanampiana sy fanomezana na izay naloan'ny mpamatsy vola mivantana, ny hetra dia afaka hanaovany fanambarana sy aloany eny amin'ny ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasin-ketrany, fara-fahatarany ny faha-15-n'ny volana manaraka ny nandraisana ny vola, ny avansy na ny vola fandrotsaka mialoha. Ireo mpiandraikitra fanaovana asa amin'ny tsenam-barom-panjakana iharan'ny hetra dia tsy maintsy manao fanambaràna eny amin'ny Ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasiny, ny hetra notazonin'ny tompon'ny tsena, farafahatarany ny faha-15-n'ny volana manaraka ny nandraisana ny vola, ireo avansy na ireo vola naloa mialoha miaraka amin'ny taratasy fanamarinana milaza ny fitazonana sy ny dika mitovin'ireo fifanarahana voalohany sy ny fampisahanana asa.

**LOHATENY II
HETRA TAMBATRA
TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA
SOKAJY I
OLONA IHARAN'NY HETRA**

Andininy 01.02.02.-

a- Ovàna ho « **Ar 400 000 000** » ny vondron-teny « **Ar 200 000 000** » ao amin'ny I- amin'ity andininy ity.

b- Ovàna ho « **mpanelanelana** » ny vondron-teny « **mpanelanelana ara-barotra** » ao amin'ny III-amin'ity andininy ity.

**TOKO III
FOTOTRA AMERANA NY HETRA
SOKAJY I
FOTOTRA HAKANA NY HETRA**

Andininy 01.02.04.-

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Ny fototra hakana ny hetra tambatra dia miainga avy amin'ny vola maty na ny vola miditra tsy afakaratsaka na vola azon'ny mpandoa hetra nandritry ny taom-piasana mifarana ny faha-31 desambra ny taona teo aloha. Ho an'ireo mpandoa hetra manana taom-piasana tsy manaraka ny fe-potoana mahazatra, io fototra io dia voarafitry ny fitambaran'ny vola iharan'ny hetra azo mandritra ny fotoam-piasana vao nikatona. Tsy voakasik'izany ireo vola azo avy

amin'ny tsenam-barom-panjakana voafaritry ny andininy 01.01.44 sy ny manaraka an'ity Fehezan-dalàna ity. »

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

« Na izany aza, ireo mpikambana amin'ny foibem-pitantanana ankatoavina iharan'ny hetra tambatra dia misitraka ny fampidinana 50 isan-jato amin'ny fototra hakana ny hetra izay tsy tokony hihoatra ny Ar 5 000 000 araka ireo fepetra sasan-tsasany voafaritry ny fitsipi-dalàna. »

SOKAJY II FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.02.05 bis.-

a- Ampiana tsipika faha 7 izay mirija toy izao, aorian'ny tsipika faha 6 amin'ity andininy ity :

« - Ireo fanomezana ara-pitaovana na ara-bola omena ireo tsangan'asa fanasoavam-bahoaka ahitan'ny besinimaro tombotsoa araka ny didim-panjakana. »

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy alohan'ny farany amin'ity andininy ity :

«Ho an'ireo mpamokatra fototra, mpanelanelana voalaza etsy ambony, ary ireo mpanao asa tanana, ny fampihenana 2 isan-jato dia ampiharina amin'ny totalin'ny varotra nanaovana fakitiora mifanaraka amin'ny fepetry ny andininy IV-21 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra na araka ny voalazan'ireo antotan-taratasy mahasolo ny fakitiora nataon'ireo mpanjifa izay manamarina ny varotra nataony ahitana ny anarana, adiresy mazava, ny filazana ny entana, ny vidin'ny tsirairay, ny totalim-bidiny, ny laharam-pamantarana ara-ketran'ny mpamatsy raha misy, ary voamarin'ny mpamatsy entana ao anatin'ny antotan-taratasy avokoa izany. Amin'ny sokajin'ireo mpandoa hetra ireo, ny hetra aloa dia tsy tokony ho latsaky ny 3 isan-jaton'ny vola maty aorian'ny fampiharana ireo fampihenana-ketra roa voalaza etsy ambony. »

TOKO IV FAMORIAN-KETRA

Andininy 01.02.06.-

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Ny mpandoa hetra ihany no mikajy ny hetra tambatra sy manao ny fanambarana ary mandoa izany eny anivon'ny Sampan-draharahan'ny Hetra ara-paritra mahefa alohan'ny faha 31 Martsa ny taona manaraka nahazoana ny vola maty na ny nahazoana ny vola tsy afa-karatsaka na vola miditra. Na izany aza, azon'ny Tale Jeneralin'ny Hetra ahemotra io daty io araka ny tolo-kevitra ny Talem-paritry ny Hetra mahefa ara-paritra raha hitany fa ilaina izany. Ho an'ireo orinasa manana taom-piasana tsy manaraka ny fe-potoana mahazatra, ny fanambarana sy ny

fandoavana ny hetrany dia tsy maintsy tanterahana fara-fahatarany amin'ny faran'ny volana faha telo manaraka ny daty fahataperan'ny taom-piasana. »

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'ny paragirafy faha-6 amin'ity andininy ity :

« Hakana ampaham-bola fandrotsaka mialoha amin'ny taha 2 isan-jato amin'ny sandan'ny Fadintseranana amin'ireo entana afarana sy/na aondrana, mandritra ireo taom-piasana fito voalohany, ireo mpandoa hetra manana laharam-pamantarana manao ireo raharaha amin'ny fanafarana sy/na fanondranana entana. Tsy anisan'ny mandoa an'io ampaham-bola fandrotsaka voalaza io ny mpandoa hetra : »

TOKO V ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 01.02.07.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

« Ankoatra ireo orinasa momba ny varotra, ireo olona iharan'ny hetra tambatra dia tsy maintsy:

- mitàna firaiketana isan'andro ny vola miditra sy ny fandaniana raha toa ka latsaky ny Ar 100 000 000 ny vola miditra aminy ;

- mitazona fitanan-kaonty manaraka ny rafitra tsotra indrindra mifanaraka amin'ny drafipitanan-kaonty voalaza etsy ambony raha toa ny vola miditra ka anelanelan'ny Ar 100 000 000 sy Ar 200 000 000 ;

- mitazona fitanan-kaonty amin'ny taom-piasana ho an'ireo vola miditra mihoatra na mitovy ny Ar 200 000 000. »

Andininy 01.02.07 bis.-

a- Ovàna ho « mikasika ireo fandaniana » ny vondron-teny « mikasika fandaniana » ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity.

b- Ampidirana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny farany amin'ity andininy ity :

«Ny raharaha rehetra ambonin'ny fetra voafaritry ny didy amam-pitsipika ifanaovan'ny olona tsy voafehin'ny fameran-ketra tena izy, dia tsy maintsy atao amin'ny taratasim-bola na taratasim-barotra hafa tsy nofenoina, famindram-bola na karatra fakana vola amin'ny Banky na lahasan'ny Banky amin'ny alalan'ny finday. »

LOHATENY IV
HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-
BOLA
TOKO II
A-VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.04.02.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny 1° sy ny 2° amin'ity andininy ity :

« 1° Amin'ireo vokatra amin'ny zanabola, vola miditra sy vokatra hafa amin'ireo andraikitra sy fisamboram-bola, ireo orinasa, ireo fanjarian'asa hafa, ara-bola, ara-taozava-baventy, ara-barotra na sivily, manana na tsia foiben-toerana eto Madagasikara ;

2° Amin'ireo vokatra amin'ny zanabola amin'ny taratasy fandraisam-bola nalefan'ireo toeram-piasana mpampindram-bola manana na tsia foiben-toerana eto Madagasikara ka tsy nampahafantarina ny Fandraharahana ireo mpisitraka izany ; »

B- FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.04.04.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana 1 amin'ity andininy ity :

« Amin'ny fikajiana ny hetra, ireo vola miditra iharan'ny hetra dia boriboriana ho amanarivony Ariary ambaniny. Ny tahan'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola dia ferana ho 20 isan-jato, raha tsy mifanohitra amin'ny voalazan'ireo fepetra amin'ny Fifanarahana ara-ketra mikasika ny tsy fameran-ketra roa sosona. »

HETRA ALAINA AMIN'NY TOMBOM-BAROTRA (IPVI)

SOKAJY V
FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.05.08.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Ny hetra dia kajian'ny Lehiben'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra miandraikitra ny fanoratana ireo sora-panekena sy filazana ny famindran-tanana fananana mifaka na ny solontenany mandritr'ireo fomba arahina amin'ny fanekem-pivarotana.

Raha misy taratasy fivarotana tafiditra ao anatin'ny sehatra fampiharana ity lalàna ity ka voarain'ny Solom-pampanoa lalàna mpanamarina ny sora-panekena, dia mandefa ny dikan'izany sora-panekena izany any amin'ny mpandray volan'ny hetra izy ireo. Kajian'ny

mpandray vola ny haba ary alefany any amin'ny mpandoa hetra ny filazana fandoavan-ketra. Raha toa ka tsy voaloha amin'ny fe-potoana ara-dalàna ny famorian-ketra dia atao toa ny amin'ny sora-panoratana ny famoriana izany.

FIZARANA II
SARA-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO
TOKO I
SEHATRA AMPIHARANA SY FEPETRA ANKAPOBE
Ankapoben-javatra

Andininy 02.01.05.-

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faharoa amin'ity andininy ity :

« Ireo sara dia ferana ho amin'ny sandany ambony amin'ny vidiny voalaza miampy ireo fandaniana izay mety atambatra aminy sy ny sandany marina; na ny sandany tombanan'ny Fandraharahana ara-ketra. »

b- Ampidirna paragirafy vaovoa mirija toy izao aorin'ny paragirafy fahatelon'ity andininy ity :

« Ny Lehiben'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra dia omena alalana hidina eny an-toerana mba hanombana izay tena hita eny ant-oerana sy ny tena toetry ny fananana ankehitriny hanaovana famindrana, amin'ny fikajiana ny hetra.

TOKO II
SANDA SY FIKAJIANA NY HETRA
SOKAJY IV
FAMINDRAM-PANANANA MISY SETRINY
SORA-PANEKENA SY FAMINDRAM-PANANANA VOAN'NY HABA
Fifanaraham-panofana

Andininy 02.02.12.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ny 2° ao amin'ny I- amin'ity andininy ity :

« 2 isan-jato ho an'ny fampanofana ny tokotanim-barotra manontolo na ireo singany tsy azo tsapain-tanana ankoatr'ireo fepetra manokana voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, ny sambo sy fiaramanidina ary koa amin'ireo fifanaraham-panofana trano izay ampiasaina ankoatry ny voafarit'ireo andalana teo aloha. »

Tokotanim-barotra sy ny mpividy
Famindran-tanana misy setriny

Andininy 02.02.22.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

« lo haba io dia alaina, eo ambany fanaraha-mason'ny Fandraharahana ara-ketra, amin'ny vidiny ivarotana ireo entana rehetra ao amin'ny toeram-pivarotana, ny famindrana ny zo ahafahana manofa trano sy ireo fanaka na entana hafa ilaina amin'ny asa fivarotana. Ireo fanaka na entana ireo dia tsy maintsy hanaovana fanisam-pananana, amin'ny antsipirihany sy tombanam-bidy, ao anaty taratasy iray miavaka tsara. »

**Fivarotana sy fanekena hafa misy setriny mamindra
tanana fanana-manaraka sy fanaka**

Andininy 02.02.43.-

Ov`ana toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

« Ny haba dia ferana araka ny voalazan'ny andalana faha 2 amin'ny andininy 02.01.05 amin'ity Fehezan-dal`ana ity. Ny fanombanana ireo sora-pizakana tamin'ireo fivarotana dia ampiasana ny tabilao ara-bola ampiasain'ny Fandraharahana araka ireo karazan-draharaha ataon'ny orinasa. Ireo fombafomba fampiharana dia faritan'ny didy amam-pitsipika. »

Andininy 02.02.45.-

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ireo fitaterana, fivarotana sy famindran-trosa hafa dia mandoa sara 0,50 isan-jato. Ny sara dia ferana amin'ny sandany ambony amin'ny totalin'ny trosa sy ny vidiny voalaza ao amin'ny sora-panekena miampy ireo fandania izay mety atambatra aminy »

**FIZARANA VI
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)
LOHATENY VOALOHANY
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)
TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA
SOKAJY II
OLONA SY ORINASA IHARAN'NY HABA**

Andininy 06.01.04.-

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny olona rehetra na ny vondron-draharaha izay manana vola maty tsy misy haba isan-taona mihoatra na mira ny Ar 400 000 000 dia tsy maintsy iharan'ny lal`ana mifehy ny TVA.

Iharan'ny lal`ana mifehy ny TVA ihany koa ireo olona rehetra nisafidy ny fameran-ketra tena izy. Ny fahaverezan'ny maha iharan'ny lal`ana mifehy ny TVA dia tsy maintsy manaraka ireo fepetra izay faritan'ny andininy 01.01.13 –Il sy ny andininy 06.01.20. »

SOKAJY III VOKATRA SY RAHARAHA TSY IHARAN'NY HABA

Andininy 06.01.06

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity 28° amin'ity andininy ity :

« 28° ireo asa rehetra amin'ny fampitaovana entana, raharaha, fisahan'asa ampiasana saina sy ireo asa, dia iharan'ny hetra amin'ny tsenam-barom-panjakana. Ireo fahazoana sy fividianana entana sy raharaha ilaina amin'ny fanatanterahana ireo tsena ireo izay ataon'ny tompony dia iharan'ny TVA ihany, raha toa ka tsy voalaza mazava ny fanalana izany amin'ireo raharaha ireo ».

b- Ampiana 30° izay mirija toy izao, aorian'ny 29° amin'ity andininy ity.

« 30° ny fakàna ao amin'ny tahirim-bokatra sy/na ireo entana natao fanomezana omena ireo tsangan'asa fanasoavam-bahoaka ahitan'ny besinimaro tombotsoa araka ny didim-panjakana, raha toa ka manana taratasy fanamarinana toeran-kaleha. »

TOKO IX FOMBA FANESORAN-KABA

Andininy 06.01.17.-

a) Ovàna ho « amin'ny alalan'ny Banky na lahasan'ny banky amin'ny alalan'ny finday » ny vondron-teny « amin'ny alalan'ny Banky « ao amin'ny 1° ny A- FEPETRA ANKAPOBE amin'ity andininy ity.

b) Ampiana paragirafy roa 4° sy 5° izay mirija toy izao aorian'ny 3° amin'ny A- FEPETRA ANKAPOBE amin'ity andininy ity :

« 4° Ny TVA amin'ny fividianana entana atao ho fanomezana omena ireo tsangan'asa fanasoavam-bahoaka ahitan'ny besinimaro tombotsoa araka ny didim-panjakana. »

« 5° Ny TVA amin'ny fahazoana fananana mifaka ilaina amin'ny fametrahana toeram-pisakafoanana ho an'ny mpiasa izay iantohan'ny mpampiasa voafaritry ny andininy 116 amin'ny lalàna laharana faha 2003-044 ny 10 jiona 2004 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny Asa malagasy. »

Andininy 06.01.18.-

Ampidirana tsipika farany izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

« Ny TVA alaina amin'ny tataom-bidy hita ao amin'ny fakitiora nahazoana sy nividianana ireo entana sy raharaha nilaina tamin'ny fanatanterahana ireo tsena iharan'ny hetra amin'ny tsenam-barom-panjakana araka ny voafaritry ireo andininy 01.01.44 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity. »

Andininy 06.01.19.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

« Ireo orinasa vao niforona, ny fanapahan-kevitra amin'ny maha iharan'ny lalàna mifehy ny haba dia mihatra manomboka ny andro voalohan'ny volana taorin'ny daty nampahafantarana ny maha iharan'ny fameran-ketra tena izy. »

Andininy 06.01.20.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Amin'ny fahaverezan'ny maha iharan'ny lalàna mifehy ny TVA noho ny fampidinana fameran-ketra na fandavana ny safidy amin'ny fameran-ketra tena izy, ireo orinasa dia tsy maintsy mandrotsaka ireo haba mifandraika amin'ireo fananana notehirizina, sy/na ny haba mifanaraka amin'ny vidiny afakaratsaka amin'ny fitanan-kaonty an'ireo fananana mifaka hita maso tena nanaovana fanesorana. »

**TOKO XIV
FEPETRA SAMIHAF**

Andininy 06.01.33.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ireo tsenam-barom-panjakana na tsenan'olon-tsotra natao ho an'ny rafim-panjakana, nahazo famatsiana avy any ivelany nataon'ny olona iharan'ny lalàna mifehy ny TVA talohan'ny daty nampiharana ireo fepetra mifanaraka amin'ny hetra mikasika tsenam-baro-panjakana voalazan'ireo andininy 01.01.44 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia mijanona ampiharana ireo fepetra ara-ketra tamin'ny fanombohana ny tsena. Ampiharina araka izany ireo fepetry ny andininy 06.01.01 sy ny manaraka mifandraika amin'ny fizotry ny TVA, amin'ny zo sy ny adidy mifandraika amin'izany, indrindra ny amin'ny fanangonana, ny fanesorana ary ny fandrotsahana ny TVA vokatr'izany. »

TOVANA
TABILAON'NY VOKATRA TSY IHARAN'NY TVA

Andininy 06.01.06: 29°

Ovàna toy izao manaraka izao ny tovana mifanaraka amin'ity andininy ity :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
87.02	Véhicules automobiles pour le transport de dix personnes ou plus, chauffeur inclus.
8702.20	- Equipés à la fois, pour la propulsion, d'un moteur à piston à allumage par compression (diesel ou semi-diesel) et d'un moteur électrique - - - Véhicules automobiles pour le transport de dix et onze personnes, chauffeur inclus :
8702.20 11	- - - - Neufs (1) - - - Véhicules automobiles pour le transport de douze personnes et plus mais n'excédant pas quarante personnes, chauffeur inclus :
8702.20 21	- - - - Neufs (1) - - - Véhicules automobiles pour le transport de dix et onze personnes, chauffeur inclus :
8702.20 31	- - - - Neufs (1)
8702.30	- Equipés à la fois, pour la propulsion, d'un moteur à piston à allumage par étincelles et d'un moteur électrique - - - Véhicules automobiles pour le transport de dix et onze personnes, chauffeur inclus :
8702.30 11	- - - - Neufs (1) - - - Véhicules automobiles pour le transport de douze personnes et plus mais n'excédant pas quarante personnes, chauffeur inclus :
8702.30 21	- - - - Neufs (1) - - - Véhicules automobiles pour le transport de dix et onze personnes, chauffeur inclus :
8702.30 31	- - - - Neufs (1)
8702.40	- Uniquement à moteur électrique pour la propulsion - - - Véhicules automobiles pour le transport de dix et onze personnes, chauffeur inclus :
8702.40 11	- - - - Neufs (1) - - - Véhicules automobiles pour le transport de douze personnes et plus mais n'excédant pas quarante personnes, chauffeur inclus :
8702.40 21	- - - - Neufs (1) - - - Véhicules automobiles pour le transport de dix et onze personnes, chauffeur inclus :
8702.40 31	- - - - Neufs (1)
87.03	Voitures de tourisme et autres véhicules automobiles principalement conçus pour le transport de personnes (autres que ceux du n°87.02), y compris les voitures du type "break" et les voitures de courses.
8703.40	- Autres véhicules, équipés à la fois, pour la propulsion, d'un moteur à piston à allumage par étincelles et d'un moteur électrique, autres que ceux pouvant être chargés en se branchant à une source externe d'alimentation électrique - - - Neufs (1)
8703.40 10	- - - Neufs (1)
8703.50	- Autres véhicules, équipés à la fois, pour la propulsion, d'un moteur à piston à allumage par compression (diesel ou semi-diesel) et d'un moteur électrique, autres que ceux pouvant être chargés en se branchant à une source externe d'alimentation électrique - - - Neufs (1)
8703.50 10	- - - Neufs (1)
8703.60	- Autres véhicules, équipés à la fois, pour la propulsion, d'un moteur à piston à allumage par étincelles et d'un moteur électrique, pouvant être chargés en se branchant à une source externe d'alimentation électrique - - - Neufs (1)
8703.60 10	- - - Neufs (1)
8703.70	- Autres véhicules, équipés à la fois, pour la propulsion, d'un moteur à piston à allumage par compression (diesel ou semi-diesel) et d'un moteur électrique, pouvant être chargés en se branchant à une source externe d'alimentation électrique - - - Neufs (1)
8703.70 10	- - - Neufs (1)

- 8703.80 - Autres véhicules, équipés uniquement d'un moteur électrique pour la propulsion
 8703.80 10 - - - Neufs (1)
- 87.04 Véhicules automobiles pour le transport de marchandises.**
 - Autres, équipés à la fois, pour la propulsion, d'un moteur à piston à allumage par compression (diesel ou semi-diesel) et d'un moteur électrique
 8704.41 - - D'un poids en charge maximal n'excédant pas 5 tonnes
 8704.41 10 - - - Neufs (1)
- 8704.42 - - D'un poids en charge maximal excédant 5 tonnes mais n'excédant pas 20 tonnes
 8704.42 10 - - - Neufs (1)
- 8704.43 - - D'un poids en charge maximal excédant 20 tonnes
 8704.43 10 - - - Neufs (1)
- Autres, équipés à la fois, pour la propulsion, d'un moteur à piston à allumage par étincelles et d'un moteur électrique
 8704.51 - - D'un poids en charge maximal n'excédant pas 5 tonnes
 8704.51 10 - - - Neufs (1)
- 8704.52 - - D'un poids en charge maximal excédant 5 tonnes
 8704.52 10 - - - Neufs (1)
- 8704.60 - Autres, uniquement à moteur électrique pour la propulsion
 8704.60 10 - - - Neufs (1)
- 87.11 Motocycles (y compris les cyclomoteurs) et cycles équipés d'un moteur auxiliaire, avec ou sans side-cars, side-cars.**
 8711.60 - A moteur électrique pour la propulsion
 8704.60 10 - - - Neufs (1)

(1) Les véhicules neufs classés dans ces sous positions devront posséder un certificat de conformité attestant qu'ils sont neufs aux fins de dédouanement

**BOKY II
 HETRAM-BONDROM-BAHOAKA
 LOHATENY I
 HETRA ALAINA AMIN'NY TANY (IFT)
 TOKO IV
 FIKAJIANA NY HETRA**

Andininy 10.01.07.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

« Ny hetra voakajy araka ireo fepetra voalazan'ity andininy ity dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 2 000 isaky ny fameran-ketra. »

**LOHATENY II
HETRA AMIN'NY TRANO MIORINA (IFPB)**

**TOKO V
FOMBA FAMERANA NY HETRA**

Andininy 10.02.09.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Ireo fanombanana fototra amin'ny Hetra amin'ny Trano miorina dia azo havaozina indray isan-taona ary fidian'ireo Mpanolon-tsaina Monisipaly na Kominaly. »

**LOHATENY III
HABA ALAINA AMIN'NY FIAROVANA NY OLONA**

**SOKAJY III
FIKAJIANA NY HABA**

Andininy 10.03.03.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha-3 amin'ny paragirafy faha-2 amin'ity andininy ity :

« - Ar 5 000 ho an'ny fitaovam-piadiana tsotra. Ny didy amam-pitsipika no mametra sy mamaritra ny atao hoe « fitaovam-piadiana tsotra ».

**LOHATENY VI
HETRA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA**

**ZANA-DOHATENY I
HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA SY NY
VOKATRA MISY ALIKAOLA**

**TOKO II
FOMBA FAMERANA NY HETRA
HETRA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA**

Andininy 10.06.08.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Ny sandan'ny Hetra amin'ny Fahazoan-dalana mifanaraka amin'ny Sokajy tsirairay avy dia fidian'ny Filan-kevitra Monisipaly na Kaominaly misy ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola isan-taona, amin'ny elanelany farany ambany sy farany ambony ferana toy izao :

- *Ho an'ny Kaominina ivelan'ny Sokajy : Ar 800 000 hatramin'ny Ar 1 500 000 ;*
- *Ho an'ireo Kaominina an-tanan-dehibe Sokajy 1 : Ar 600 000 hatramin'ny Ar 1 000 000 ;*
- *Ho an'ireo Kaominina an-tanan-dehibe Sokajy 2 : Ar 350 000 hatramin'ny Ar 750 000 ;*
- *Ho an'ireo Kaominina ambanivohitra Sokajy 1 : Ar 300 000 ka hatramin'ny Ar 500 000 ;*
- *Ho an'ireo Kaominina ambanivohitra Sokajy 2 : Ar 150 000 ka hatramin'ny Ar 250 000. »*

**ZANA-DOHATENY II
HETRA Hafa Amin'ny Fahazoan-Dalana**

**TOKO III
Fomba Fameran-Ketra**

Andininy 10.06.81

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny famaritana ireo sandan'ny hetra amin'ny fahazoan-dalana voalazan'ny andininy 10.06.79 dia eo ambanin'ny fahefan'ireo mpanapa-kevitra ny Kaominina misy ny toeram-pivarotana. »

Na izany aza, ireo sanda voalaza ireo dia tsy tokony hihoatra ireto taha ambony indrindra voalaza manaraka ireto :

1° ho an'ireo fanorenana sy/na ireo raharaha an-tselika, isaky ny vanin-taona sy fisehoan-javatra, 25% n'ny hetra fandoa farahakeliny amin'ny hetra tambatra arakaraka ny raharaha atao, voalaza ao amin'ny andininy 01.02.05 amin'ity fehezan-dalàna ity ;

2° ho an'ireo antokon-draharaha miasa amin'ny alina, Ar 200 000 isam-bolana isaky ny antokon-draharaha ;

3° ho an'ny fikarakarana tombola sy loteria, 10% -n'ny vidin'ny tapakila amidy ;

4° ho an'ny fampiasana ny biara sy ny toa azy, ireo fitaovana fandefasan-tsary sy ny « baby-foot » natao itadiavam-bola, 50% n'ny hetra fandoa farahakeliny amin'ny hetra voalaza ao amin'ny andininy 01.02.05 amin'ity fehezan-dalàna ity.

**LOHATENY X
HABA ALAINA AMIN'NY RANO SY/NA HERINARATRA**

**TOKO IV
FIKAJIANA NY HABA**

Andininy 10.10.04.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny taha amin'ny haba kaominaly amin'ny rano, ny taha amin'ny haba kaominaly amin'ny herinaratra, dia ferana ho 10 isan-jato amin'ny salam-bidy tsy misy haba amin'ny sokajim-bidy voalaza. »

BOKY III
FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA
AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY

LOHATENY I
FAMORIANA NY HETRA

TOKO III
SAZY SY LAMANDY

SOKAJY II
TSY FAMETRAHANA FILAZANA

Andininy 20.01.52.-

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Ny tsy fametrahana filazàna rehetra momba ny vola miditra, sara na haba, ny vola miditra na raharaha voan'ny haba na izay rehetra vola fandoa ara-potoana, ny tovana amin'ireo filazàna, na ny iray amin'ireo antontan-taratasy izay tsy maintsy apetraka, voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, ary koa ny tsy fanoratana sora-panekena manaraka ny fepetra takiana dia iharan'ny sazy :

- *Ar 200 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty mitentina na mihoatra ny Ar 400 000 000 ;*
- *Ar 100 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty eo anelanelan'ny Ar 200 000 000 sy Ar 400 000 000 ;*
- *Ar 50 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty eo anelanelan'ny Ar 50 000 000 sy Ar 200 000 000 ; ireo olona voalazan'ny andininy 01.01.05.I, paragirafy faha 2 amin'ity Fehezan-dalàna ity ; ireo antokon-draharaha, tsangan'asa fanasoavam-bahoaka, fikambanana tsy manana tanjona itadiavan-tombony sy ny toa azy ;*
- *Ar 20 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty latsaky ny Ar 50 000 000. »*

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

« Ampiharana lamandy Ar 10 000 000 ny tsy fanaovana ireo andraikitra voalaza ao amin'ny 5° amin'ny andininy 01.01.13.IV sy ireo andininy IV-22 hatramin'ny IV-39 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, indrindra :

- *amin'ny tsy fametrahana ny iray amin'ireo antontan-taratasy ilaina amin'ny vidin'ny famindrana, tsy ahafahana manombana ny maha fifaninanana feno ireo fifanakalozana na amin'ny fahataran'ny fametrahana ireo antontan-taratasy ireo ;*
- *amin'ny tsy fametrahana na fahatarana ny fanambarana, tsy fahampiana na tsy fahamarinan'ireo antontam-baovao nomena momba ireo mpisitraka tena izy. »*

SOKAJY III
SAZIM-PAHATARANA AMIN'NY FANDOAVANA,
NY FANDROTSAHANA SY NY FANORATANA

Andininy 20.01.53.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny fahatarana rehetra amin'ny fanoratana sora-panekena na taratasy, amin'ny fandoavana na koa fanarenana mandalo ataon'ny mpandoa hetra ivelan'ny fanamarinana ny hetra rehetra, sara sy haba na ny vola rehetra tsy maintsy aloa eto an-toerana na ny fandrotsahana ny vola rehetra notanan'ny olona tokony hanao izany, dia iharan'ny sazy amin'ny fahatarana :

- 3 isan-jato ny vola tokony aloa ho an'ny volana voalohany sy 1 isan-jato isam-bolan'ny fahatarana ho an'ireo volana manaraka ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty na vola miditra mitentina na mihoatra ny Ar 400 000 000 ;

- 2 isan-jato ny vola tokony aloa ho an'ny volana voalohany sy 1 isan-jato isam-bolan'ny fahatarana ho an'ireo volana manaraka ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty na vola miditra eo anelanelan'ny Ar 100 000 000 sy Ar 400 000 000 ;

- 1 isan-jato ny vola tokony aloa isam-bolana amin'ny fahatarana ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty na vola miditra latsaky ny Ar 100 000 000.

Ny fitambaran'ny sazy tokony aloa dia tsy latsaky ny Ar 10 000. Ny volana hitsahina dia tsy maintsy efaina manontolo. »

SOKAJY IV
LAMANDY AMIN'NY FANAMBARANA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA,
FANADINOANA NA FAMPIHENANA

Andininy 20.01.54.1.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

«Ireo olon-tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra, Fanjakàna na tsy miankina, manao ny asa na tsia amin'ny maha mpisoloto-tena nahazo alalàna na mpisitraka, mandoa na tsia Hetra alaina amin'ny vola miditra ka tsy nitàna, sy nandrotsaka ny Hetra amin'ny vola miditra mitsitapitapy, Hetra tambatra mitsitapitapy, araka ireo fepetry ny andininy 01.01.14.II.A paragirafy faha 2, 01.02.07 bis, paragirafy faha 2 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia mandoa, ankoatra io fandrotsahana hetra io, lamandy 10 isan-jato amin'ireo hetra notakiana taminy ary tsy tokony ho latsaky ny Ar 20 000.

Ireo fepetra ireo dia tsy ampiharina amin'ireo olona iharan'ny hetra amin'ny vola miditra, afatsy amin'ny fanefana ny hetra fandoa farafahakeliny na fisitrahana fanesoran-ketra amin'ny vola miditra.

Ireo sazy ireo dia azo ampiharina ihany koa raha toa ny olona voalaza etsy ambony ka nanadino nitazona, namory sy nandrotsaka ny hetra amin'ny tsenam-barom-panjakana, ny TVA

mitsitapitapy izay voalazan'ireo andininy I-15 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra sy 06.01.09 bis amin'ity Fehezan-dalàna ity. »

**SOKAJY VI
FANDIKAN-DALANA Hafa**

Andininy 20.01.56.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

« Ny tsy fanaovana ireo andraikitra voalaza amin'ireo fepetra ao amin'ny andininy 06.01.26 andalana faha 3 sy faha 4; 01.01.21 sy 01.02.07.bis andalana farany amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia iharan'ny lamandy 10 isan-jato amin'ireo raharaha nataony. »

Andininy 20.01.56.2-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Andininy 20.01.56.2. – nafindra any amin'ny andininy VI-89 n'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra. »

**SOKAJY VI
FANDIKAN-DALANA Hafa**

Andininy 20.01.56.20-

Foanana ity andininy ity

**BOKY IV
FOMBA FAMERAN-KETRA MANOKANA
FIZARANA VOALOHANY
FEPETRA MANOKANA HO AN'IREO FARITRA SY ORINASA AFAKABA**

**TOKO I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA**

**SOKAJY III
FIKAJIANA NY HETRA**

Andininy 30.01.04.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha 2 amin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

« Ireo taom-piasana telo (3) voalohany, ho an'ireo Orinasa afakaba amin'ny taozava-baventy ; »

TOKO IV
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY
SOKAJY I
FOMBA FAMERANA NY HETRA

Andininy 30.01.09.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ireo Faritra sy Orinasa Afakaba rehetra vao niforona dia afaka iharan'ny lalàna mifehy ny TVA rehefa misafidy ny fameran-ketra tena izy araka ny voalaza ao amin'ny andininy 01.01.13 amin'ity fehezan-dalana ity.

Andininy 30.01.10.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny tsy fahatrarana ny fetra takian'ny fampiharana ny lalàna mifehy ny TVA noho ny fidinan'ny vola maty na vola miditra, nandritry ny fe-potoana voafaritry ny didy amam-pitsipika, ho an'ny Faritra na Orinasa afak'haba iharan'ny fameran-ketra tena izy, na ny fiverenana amin'ny safidy tamin'io fameran-ketra io dia mitarika amin'ny fanalana ny maha-iharan'ny lalàna mifehy ny haba. »

Ny ambiny tsy misy fanovana.

ANDININY FAHA 2.2

FEHEZAN-DALANA AMIN'NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

**LOHATENY I
NY AMIN'NY LAHARAM-PAMANTARANA, FILAZANA SY FANDROTSAHANA HETRA
ZANA-DOHATENY I
LAHARAM-PAMANTARAN'NY MPANDOA HETRA
TOKO I
FOMBA ARAHINA SY FILAZANA**

Andininy I-03.-

Foanana ny vondron-teny « **andalana faha-7** » ao amin'ny paragirafy faha 5 amin'ity andininy ity.

**TOKO III
FOMBA ARAHINA MANDRITRY NY TAOM-PIASANA
SOKAJY I
AMIN'NY FOTOANA IASANA**

Andininy I-06.-

Ampidirana paragirafy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

« Na eo aza ireo famaizana ara-tsazy na ara-panjakana mifanaraka amin'izany, ny Fandraharahana ara-ketra dia afaka manakana avy hatrany ny karatra ara-ketra amin'ny tranganana fanambarana diso na ny tsy fanajàna ireo andraikitra fanaovana filazana voalazan'ny andininy I-08 amin'ity Fehezan-dalàna ity. »

Andininy I-08.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

Ao anatin'ny roapolo (20) andro aorian'ny zava-nitranga, ny mpandoa hetra rehetra dia tsy maintsy mampahafantatra ny Sampandraharahan'ny Hetra miandraikitra azy ireo ny fiovàna ara-ketra rehetra sy mampifanojo ireo angom-baovao mety hiova ao aminy NIFONLINE, indrindra, saingy tsy voafetra, ireto manaraka ireto, ny fiovana adiresy, ny amin'ny fianakaviana na amin'ny fanambadiana sy izay rehetra fiovana amin'ny fihariana ara-toekarena.

**ZANA-DOHATENY II
FILAZANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA
TOKO I
ANDRAIKITR'IREO MPANDOA HETRA IHARAN'NY HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA
SOKAJY I
FANAMBARANA NY VOKATRA SY IREO VOLA MIDITRA**

Ampidirina ao amin'ny faran'ity Sokajy ity ny andininy vaovao I-11-bis izay mirija toy izao :

Andininy I-11- bis

Ireo izay iharan'ny hetra amin'ny vola miditra tsy iharan'ny lalàna mifehy ny TVA, ankoatra ireo voalazan'ny andininy 01.01.05.I-, ka nahatsapa fa mihoatra ny Ar 400 000 000 ny vola maty na ny vola niditra aminy nandritra ny taom-piasana itsahina, dia tsy maintsy mametraka ny fanambarana amin'ny fiovana fameran-ketra any amin'ny Sampan-draharaha mpitantana ireo antontan-taratasin-ketrany mialoha ny fikatonan'ny taom-piasany.

Ireo zo sy andraikitra mikasika ny fameran-ketra vaovao dia mihatra avy hatrany vao manomboka ny fiandohan'ny taom-piasana manaraka.

**TOKO III
ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BAROM-PANJAKANA
SOKAJY I
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANDOAVANA HETRA AMIN'NY TSENAM-BAROM-
PANJAKANA**

Andininy I-15.-

Ovàna ho « *miandraikitra amin'ny fandoavana ireo tsena* » ny vondron-teny « *miandraikitra ny fandoavana ny tsenam-barom-panjakana* » ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity.

Andininy I-16.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

« Ho an'ireo mpandoa hetra tsy iharan'ny TVA, ny lisitr'ireo mpamatsy azy sy ireo entana na raharaha novidiany dia tsy maintsy ampiarahina koa amin'ny filazana tovana araka ny modely nomen'ny Fandraharahana. »

**TOKO IV
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA IHARAN'NY HETRA TAMBATRA
SOKAJY III
FIOVAN'NY FAMERAN-KETRA**

Andininy I-19.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny olona rehetra iharan'ny Hetra Tambatra izay nahita fa mihoatra ny Ar 400 000 000 ny vola matiny mandritra ny taom-piasana itsahana dia tsy maintsy mametraka filazana fiovana ny fameran-ketra eny amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny antontan-taratasin-ketrany,

alohan'ny fikatonan'ny taom-piasana. Io fiovana fameran-ketra io dia mihatra manomboka ny fiandohan'ny taom-piasana manaraka amin'ny lafiny zo sy andraikitra mifanaraka amin'izany »

**TOKO V
ANDRAIKITR'IREO MPANDOA HETRA IHARAN'NY HETRA AMIN'NY KARAMA**

**SOKAJY I
FITANANA IFOTONY**

Andininy I-20.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Ireo karama, tambin-karama sy, amin'ny ankapobeny ireo vola azo ateraky ny fanatontosana asa iankinan-doha dia mitarika ny fitanana ifotony, mahasolo sy manafaka ny hetra amin'ny vola miditra. »

**TOKO VIII
ANDRAIKITRA AMIN'NY SARA-PANORATANA (DE)**

**SOKAJY III
FILAZANA**

II : Ireo andraikity ny mpisolo vava, notera, vadintany, mpiraki-draharaha-pitsarana, mpitantsoratra, mpitsara, aribitira, mpitantan-draharaha sy manamboninahitra hafa na mpirakitsoram-panjakana na tompon'antoka isan-tsokajiny amin'ny mpanao fanekena ary ireo mpandray vola

3 : Bokim-piraketan'ireo notera, vadintany, mpiraki-draharaha-pitsarana, mpirakidraharaha ara-tsora-panjakana, mpitantsoratra, mpampanao lavanty, mpanelanelam-barotra

-Fampisehoana ny boky firaketana

Andininy I-66.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ireo notera, vadintany, mpiraki-draharaham-pitsarana, mpirakidraharaha ara-tsoram-panjakana, ary ireo mpitantsoratra ara-panjakanan'ny Vondromparitra Itsinjaram-Pahefana dia mampiseho, isaky ny telo (3) volana, ireo Bokim-piraketany amin'ny Lehiben'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra amin'ny faritra misy azy na amin'ny solon-tenany, izay manamarina sy manambara ao anatin'izany ny isan'ireo sorapanekena voasoratra. Izany dia atao anatin'ny folo (10) andro voalohan'ny volana Janoary, Aprily, Jolay ary Oktobra. »

Andininy I-67.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Tsy miankina amin'ny fanambarana voalazan'ny andininy teo aloha, ireo notera, vadintany, mpiraki-draharaham-pitsarana, mpiraki-draharaha ara-tsoram-panjakana, ary ireo mpitantsoratra dia tsy maintsy manolotra ireo bokim-piraketana amin' ireo mpiasan'ny hetra izay mitondra taratasy fanirahana amin'ny fanamarinana azy ireo isaky ny ilana izany. »

**LOHATENY III
ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA**

**TOKO I
HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA
SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA**

**SOKAJY I
FEPETRA AMIN'NY FIVAROTANA ALIKAOLA
SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA**

**PARAGIRAFY II
FIVAROTANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA**

**III-Fepetra momba ny fanomezana ny fahazoan-dalana hivarotra
A-Fangatahana**

Andininy III-16.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny c. sy d. ao amin'ny 5. amin'ity andininy ity :

« c. Ny dika mitovy voamarin' ireo sata sy fahefana nankinina tamin'ny mpitantana ny orinasa ;

d. Ny dika mitovin'ny Fahazoan-dalana hiasa ho an'ireo mpitantana orinasa mizaka zom-pirenena vahiny. »

B- Fahafaha-manaon'ny mpangataka araka ny lalàna

Andininy III-18.-

Ampidirana paragirafy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

« Raha toa ka manana Fahazoan-dalana hampiasa vola na hiasa, na taratasy mitovy lenta amin'izay, ireo fandinganana fepetra dia azo omena ireo vahiny hanao ny asa fivarotana zava-pisotro misy alikaola. »

**LOHATENY IV
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO Hafa AN'NY FANDRAHARAHANA
SY IREO ANDRAIKITRA Hafa AN'NY MPANDOA HETRA**

Ovàna ho « **FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO Hafa AN'NY FANDRAHARAHANA SY IREO ANDRAIKITRA Hafa AN'NY MPANDOA HETRA, IREO ANDRAIKITRA AMIN'NY REJISITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY** » ny lohateny « **FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO Hafa AN'NY FANDRAHARAHANA SY IREO ANDRAIKITRA Hafa AN'NY MPANDOA HETRA** » amin'ity Lohateny IV ity.

TOKO I
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA
SOKAJY II
ANDRAIKITRA MANAO FAMPAHALALANA

1- Fepetra ankapobeny

Andininy IV-08.-

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny olona rehetra manana vola maty tsy misy haba mihoatra na mitovy amin'ny Ar 100 000 000 isan-taona ary koa ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra miankina na tsia amin'ny Fanjakana na ohatrinona na ohatrinona vola matiny tsy misy haba isan-taona dia tsy maintsy manao filaz`ana fampahalalana.

Torak'izany koa ny olona manao asa iharan'ny hetra eto Madagasikara nefa tsy manana toeram-piasana raikitra. Izany andraikitra izany dia tanterahin'ny solon-tenany nahazo fankatoavana teny anivon'ny Minisitera miandraikitra ny Fandraharahana ara-ketra.

Amin'ny vidin'ny famindrana, ireo orinasa mpiombon'antoka mahafeno ireto fepetra manaraka ireto dia iharan'ny andraikitra fanaovana tatitra araka ireo fomba arahina voalazan'ny andininy IV-09 ireo orinasa mpiombon'antoka mahafeno ireto fepetra ireto :

- orinasa mpiombon'antoka manana vola maty isan-taona tsy misy haba mihoatra na mitovy amin'ny Ar 40 000 000 000 na manana fananana enti-miasa mitovy amin'izany ;

- orinasa mpiombon'antoka izay tazonina na manana rantsana mahavita vola maty ao amin'ny vondrona na manana fananana enti-miasa amin'ny vondrona mihoatra na mitovy amin'ny Ar 240 000 000 000, ary manaraka ny fepetra voalaza teo aloha ;

- orinasa mpiombon'antoka manao fifanakalozana ao anatin'ny vondrona amin'ny sanda mihoatra na mitovy amin'ny Ar 450 000 000. »

Andininy IV-09.-

Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

« Ny andraikitra fanaovana tatitra, ao amin'ny sehatra natokana ho an'izany, ho an'ireo orinasa mpiombon'antoka, voafaritry ny andininy teo aloha, dia ahitana ireto avy :

- Ny tabilao mamintina ny tovana 2 izay mampiseho ny rafi-draharahan'ny fampiasana ny renivolan'ny vondrona ; sy*
- Ny tovana 17 mampiseho ireo orinasa mpiombon'antoka voakasika isaky ny sokajim-pifanakalozana nanaovana fanarahamaso sy ireo fifandraisana nisy tamin'izy ireo. »*

TOKO III
ANDRAIKITRA HAFAN'NY MPANDOA HETRA
SOKAJY III
FITANAN-KAONTY MAMAKAFKA SY FANOMEZANA FAKITIORA ARA-DALANA

Andininy IV-20.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ireo mpanao taozava-baventy sy ireo orinasa miasa amin'ny sehatry ny tao-trano sy asa baventy dia tsy maintsy mitazona fitanan-kaonty mamakafaka sy taratasy mirakitra ny tahirin'entana ahafahana manaraka ny fivezivezen'ny entana araka ny isany sy ny sandany. Ny fitanana ny taratasy mirakitra ny tahirin'entana dia tsy maintsy ataon'ny mpivarotra iharan'ny lalàna mifehy ny TVA ihany koa. »

Amin'ny faran'ny Lohateny IV, foronina ny Toko IV izay mirija toy izao :

TOKO IV
IREO ANDRAIKITRA AMIN'NY REJISITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY
SOKAJY I
REJISITRA FOIBE MIKASIKA IREO MPISITRAKA TENA IZY

Andininy IV-22.- *Apetraka eo ambany fahefan'ny Foibem-pitondrana ankapobe momba ny hetra ny rejisitra foibe mikasika ireo mpisitraka tena izy izay natao ho :*

a. ny fanangonana, ny fitehirizana, ny fitantanana, ny fanaraha-maso ny kalitaon'ireo antontan'isa sy ny fanomezana ny momba ireo mpisitraka tena izy amin'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra sy fiorenana araka ny lalàna ;

b. ny fandraketana ireo fiorenana araka ny lalàna amin'ny lalàna malagasy na vahiny ary koa ny fitehirizana, ny fitantanana, ny fanaraha-maso ny kalitaon'ireo antontan'isa mifanaraka amin'izany sy izay ampiasany izany.

Andininy IV-23.- *Ny teny hoe « Mpisitraka tena izy » dia manondro olona iray na maromaro amin'ny farany, izay manao ny fifehezana tena izy amin'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ireo fiorenana araka ny lalàna.*

Andininy IV-24.- *Ny teny hoe « Fiorenana araka ny lalàna » dia manondro ny raharaha ataon'ny olona iray na maromaro mpamorona mamindra fananana, zo na antoka, na fananana maromaro, zo sy antoka, ankehitriny na ho avy, amin'ny olona iray na maromaro mpikirakira izay, mitana izany ary avahana amin'ny fananany manokana, mikendry tanjona voafaritra ho tombontsoan'ny mpisitraka iray na maromaro. Ireo « trusts, fiducies, waqfs » sy ireo fiorenana araka ny lalàna hafa rehetra mitovy aminy araka ny lalàna malagasy na vahiny dia lazaina ho fiorenana araka ny lalàna avokoa.*

Andininy IV-25.- Ireo fomba fananganana sy fampiasana ny Rejisitra foibe mikasika ireo mpisitraka tena izy ary koa ireo fomba fidirana amin'ireo antontan'isa ao aminy dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

**SOKAJY II-
REJISITRA MANOKANA MIKASIKA IREO MPISITRAKA TENA IZY
AMIN'NY RAFITRA MIZAKA ZO AMAN'ANDRAIKITRA**

Andininy IV-26.-Ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra na inona na inona endriny sy ny asa ataony, na iharan'ny hetra na tsia, dia tsy maintsy mampahafantatra sy manamarina ny momba ireo mpisitraka tena izy ary manoratra izany ao anaty rejisitra manokana eny amin'ny foibem-toerany na amin'ny toeram-piasany eto Madagasikara.

Andininy IV-27.-Ny teny hoe « rafitra mizaka zo aman'andraikitra » dia manondro ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra araka ny lalàna malagasy sy ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra araka ny lalàna vahiny manana toerama-piasana raikitra eto Madagasikara.

Andininy IV-28.-Ny rejisitra manokana mikasika ireo mpisitraka tena izy tanan'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra dia ahitana indrindra ireo angom-baovao marina sy nahitsy mikasika :

a. ny momba ireo mpisitraka tena izy ;

b. ny karazana, ireo fomba arahina sy ny fivelaran'ny raharaha iandraiketana amin'ilay rafitra mizaka zo aman'andraikitra ;

c. ny daty izay itsaharan'ny olona iray na maromaro tsy ho mpisitraka tena izy intsony amin'ilay rafitra mizaka zo aman'andraikitra.

Ireo angom-baovao ireo dia ampiarahina amin'ny taratasy manamarina avy amin'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra mikasika izany. Ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra dia manao fanamarinana araka ny tokony ho izy indray mandeha isan-taona farafahakeliny mba ahafahana miantoka fa ireo angom-baovao ao anatin'ny rejisitra manokana dia marina sy nahitsy.

Andininy IV-29.- Ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra na, raha toa ka misy izany, ireo olona nomem-pahefana dia tsy maintsy manao fanambarana any amin'ny Foibem-pitantanana ankapobe momba ny hetra amin'ny alalan'ny taratasy fenoina avy any aminy, ireo angom-baovao momba ireo mpisitraka tena izy :

a. Amin'ny fotoana hanaovana ny filazana fisiana eny amin'ny Fandraharahana ara-ketra voalazan'ireo andininy I-03 sy I-105 ho an'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra tsy maintsy manao io andraikitra io, na ao anatin'ny telopolo (30) andro manaraka ny fitsanganana, ho an'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra hafa ;

b. Amin'ny fotoana hanaovany fanambarana isan-taona ireo vokatra na vola miditra voalazan'ireo andininy I-11 sy I-17 ho an'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra iharan'ny hetra

amin'ny vola miditra sy hetra tambatra, na alohan'ny telopolo (30) jona ho an'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra hafa ;

c. Ao anatin'ny telopolo (30) andro manaraka ny fotoana nahalalan'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ny tokony nahafantarany ny zava-mitranga, izay mahatonga azy tsy maintsy hanao ny fanitsiana ireo angom-baovao momba ireo mpisitraka tena izy.

SOKAJY III REJISITRA MANOKAN' IREO MPISITRAKA TENA IZY AMIN'IREO FIORENANA ARAKA NY LALÀNA

Andininy IV-30.- *Ireo mpitantan-draharaha monina eto Madagasikara, an'ireo fiorenana araka ny lalàna voafehin'ireo lalàna eto Madagasikara na ireo lalàna vahiny dia tsy maintsy misoratra eny amin'ny Foibem-pitantanana ankapobe momba ny hetra ao anatin'ny telopolo (30) andro manaraka ny fanendrena azy, ary manambara indrindra amin'izany :*

a. ny fisiana, ireo zava-boalaza ary ny votoatin'ireo fiorenana araka ny lalàna izay tantaniny na entiny ;

b. ireo fananana enti-miasa an'ny fiorenana araka ny lalàna ;

c. ny momba ireo olona mpandray anjara amin'ny fiorenana araka ny lalàna ; ary

d. ny momba ireo mpisitraka tena izy ao amin'ny fiorenana araka ny lalàna.

Tsy maintsy mampahafantatra ny fitsaharany amin'ireo andraikitra maha mpitantana azy any amin'ny Foibem-pitantanana ankapobe momba ny hetra ao anatin'ny telopolo (30) andro manaraka izany koa izy.

Andininy IV-31.- *Ny fanaovana fanambarana voalaza etsy ambony dia mihatra ihany koa amin'ireo mpitantan-draharaha monina any ivelany amin'ny fiorenana araka ny lalàna izay manana fananana enti-miasa iray na maromaro eto Madagasikara. Amin'izany, izy ireo no manondro ny solon-tenany eto Madagasikara. Io solon-tena io dia tsy maintsy misoratra ao amin'ny rejisitra foiben'ireo mpisitraka tena izy ary manao ny andraikitry ny mpitantan-draharaha soloiny tena mandritry ny fotoana hanaovany izany.*

Andininy IV-32.-*Ireo mpitantan-draharaha amin'ny fiorenana araka ny lalàna dia tsy maintsy mahafantatra sy manamarina ny momba ireo mpisitraka tena izy ary mitana rejisitra manokana mikasika izany eto Madagasikara izay tsy maintsy manaraka ireo fiovana rehetra momba ireo mpisitraka tena izy amin'ny fiorenana araka ny lalàna, ary mampiseho izany amin'ny fangatahana rehetra ataon'ny Foibem-pitantanana Ankapobe momba ny Hetra. Izy ireo dia manao fanamarinana araka ny tokony ho izy indray mandeha isan-taona farafahakeliny mba ahafahana miantoka fa ireo angom-baovao ao anatin'ny rejisitra manokana dia marina sy nahitsy.*

Andininy IV-33.- Ireo mpitantan-draharaha amin'ny fiorenana araka ny lalàna dia tsy maintsy manao fanambarana any amin'ny Foibem-pitantanana Ankapobe momba ny Hetra :

a. amin'ny alalan'ny taratasy fenoana avy any aminy, ireo angom-baovao mikasika ireo mpisitraka tena izy alohan'ny 30 Jona isan-taona ;

b. ny fiovana rehetra mikasika ireo angom-baovao voalaza ao amin'ny andininy IV-30 etsy ambony dia tsy maintsy hanaovana fanambarana ao anatin'ny telopolo (30) andro aorian'ny fiovana.

SOKAJY IV- ANDRAIKITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY SY IREO OLON-TSOTRA ARY IREO RAFITRA MPANELANELANA ARAKA NY LALÀNA

Andininy IV-34.- Ny olona rehetra izay mahalala na tokony ahafantatra fa :

a. izy dia mpisitraka tena izy amin'ny rafitra araka ny lalàna ; na

b. ireo angom-baovao momba ireo mpisitraka tena izy amin'ny rafitra araka ny lalàna ka diso na niova dia tsy maintsy manome, ao anatin'ny telopolo (30) andro, ireo angom-baovao sy ireo taratasy fanamarinana ilaina mba ahafahan'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ny mpitantan-draharahan'ny fiorenana araka ny lalàna mba hifanaraka amin'ireo andraikitra takian'ity Fehezan-dalàna ity.

Andininy IV-35.- Ny olona rehetra dia tsy maintsy manome, ao anatin'ny telopolo (30) andro araka ny fangatahana ataon'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ny mpitantan-draharahan'ny fiorenana araka ny lalàna, ireo angom-baovao ilaina ahafahan'izy ireo mampifanaraka izany amin'ireo andraikitra takian'ity Fehezan-dalàna ity. Ny tsy fahavitana io andraikitra io, dia tsy maintsy anaovan'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ny mpitantan-draharahan'ny fiorenana araka ny lalàna fanambarana any amin'ny Foibem-pitantanana Ankapobe momba ny Hetra ao anatin'ny telopolo (30) andro.

Andininy IV-36.- Ireo andraikitra voalaza amin'ireo andininy roa etsy aloha dia ampiharina :

a. amin'ireo mpisitraka tena izy ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ny fiorenana araka ny lalàna voakasik'izany ; sy

b. ireo olon-tsotra sy ireo rafitra mpanelanelana araka ny lalàna amin'ny raharaha fitanana mivantana na ankolaka, na manao ny fifehezana tanteraka amin'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ny fiorenana araka ny lalàna voakasik'izany.

SOKAJY V ANDRAIKITRA AMIN'NY FITEHIRIZANA IREO ANGOM-BAOVAO

Andininy IV-37.- Ny rejisitra manokana mikasika ireo mpisitraka tena izy izay tsy maintsy tanan'ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra sy ny fiorenana araka ny lalàna, ary ireo taratasy fanamarinana mikasika ireo mpisitraka tena izy dia tsy maintsy tehirizina amin'ny fotoana

rehetra eto Madagasikara.

Andininy IV-38.- *Ny fitehirizana ny rejisitra sy ireo taratasy fanamarinana dia andraikitr'ireo :*

a. mpitantana ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra sy ny olona rehetra manana fahefana manao raharaha amin'ny anaran'ilay rafitra mizaka zo aman'andraikitra amin'ny fotoana itsaharan'ity amin'ny asany ;

b. mpitantan-draharaha amin'ny fiorenana araka ny lalàna monina eto Madagasikara na ny solon-tenany raha toa ka monina any ivelany izy ireo.

Andininy IV-39.- *Ity andraikitra ity dia mitsahatra aorian'ny dimy (5) taona manaraka, araka ny tranga :*

a. ny fitsaharan'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na fiorenana araka ny lalàna na;

b. ny fitsaharan'ireo andraikitra ny mpitantan-draharaha amin'ny fiorenana araka ny lalàna na;

c. ny fitsaharan'andraikitra amin'ny fisolon-tena.

**SOKAJY VI
SAZY AMIN'NY TSY FANAOVANA NY ANDRAIKITRA MIKASIKA
NY REJISITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY**

Andininy IV-40.- *Ny tsy fanaovana ireo andraikitra rehetra voalazan'ireo andininy IV-22 hatramin'ny IV-39 dia iharan'ny lamandy voalazan'ny andininy 20.01.52 amin'ny faran'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.*

**SOKAJY VII
FOMBA FAMPIHARANA SY IREO FEPETRA TETEZAMITA**

Andininy IV-41.- *Ireo fomba fampiharana ireo fepetry ny andininy IV-26 hatramin'ny IV-40 dia faritan'ny didy amam-pitsipika.*

Ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra sy ireo mpitantan-draharaha, na raha misy izany, ireo solon-tena amin'ny fiorenana araka ny lalàna izay niorina talohan'ny fananan-kerin'ireo fepetra voalazan'ny andininy IV-22 hatramin'ny IV-40 dia manana fe-potoana valopolo amby zato (180) andro aorian'io fananan-kery io mba hampifanarahana azy. Mihatra avy hatrany ny sazy voalazan'ny andininy IV-40 amin'ny tsy fanaovana izany.

**LOHATENY V
IREO PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA ATAON'NY
FANDRAHARAHANA ARA-KETRA**

**TOKO I
FANAMARINANA AMIN'NY ANTONTAN-TARATASY**

**SOKAJY I
ZO AMIN'NY FANAMARINANA**

Andininy V-01.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ireo mpiasan'ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Hetra, nahavita fianianana sy manana fahazoan-dàlana, manana ny grady mpanara-mason'ny hetra farafahakeliny dia manan-jo hanao ny fanamarinana amin'ireo filazana ara-ketra araka ny voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, tsy mivoaka ny toeram-piasany sy manana fahefana hiantoka ny fototra amerana ireo hetra, sara sy haba tokony naloan'ny mpandoa hetra izay nanaovana fitsirihana. »

**SOKAJY III
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANARENANA IFANATREHANA
AMIN'NY FANAMARINANA AN-TARATASY
PARAGIRAFY I
VOLAVOLAM-PANITSIANA**

Andininy V-03.-

Foronina ireo paragirafy roa vaovao izay mirija toy izao manaraka izao amin'ny faran'ity andininy ity :

« Raha toa ka nahitana zava-baovao tao anatin'ireo taom-piasana nanaovana fitsirihana taorian'ireo paika voafaritry ny andininy V-05, V-06 amin'ity fehezan-dalàna ity, dia omena fampahafantarana voalohany hafa indray ny mpandoa hetra, ho famenon'ireo hetra.

Ny fampahafantarana voalohany rehetra dia tsy maintsy arahin'ireo paika hifandaharana izay voafaritry ireo andininy V-05 ary V-06 voalaza etsy ambony. »

Andininy V-04.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny fampahafantarana voalohany dia tsy maintsy ahitana :

- ny karazana fanamarinana ara-ketra natao ;**
- ny endriny, ireo antsipirihin'ny fikajiana sy ireo anton'ny fanarenana mba ahafahan'ny mpandoa hetra manao ireo fanamarihany na mampahafantatra ny fanekenany ;**
- ny fiantsoana ny mpandoa hetra hanao ny fanekenany na ireo fanamarihany ao anatin'ny 30 andro, isaina manomboka ny daty nandraisana ny fampahafantarana voalohany ;**
- ny daty iantsoana ny mpandoa hetra amin'ny adihevitra am-bava ifanatrehana izay faritan'ny mpiasan'ny hetra ;**
- ny fahafahana mitondra mpanolo-tsaina araka izay nofidiany mandritry ny adihevitra am-bava ifanatrehana. »**

PARAGIRAFY II FANAMARIHANA ATAON'NY MPANDOA HETRA

Andininy V-05.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

« Ny fanamarihana rehetra, ireo taratasy na antontan-kevitra novokarina aorian'ny fe-potoana dia tsy azo raisina. »

PARAGIRAFY III ADI-HEVITRA AM-BAVA SY IFANATREHANA AORIAN'NY FANAMARIHANA ATAON'NY MPANDOA HETRA

Andininy V-06.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny adihevitra am-bava sy ifanatrehana dia atao any amin'ny biraon'ireo mpanao fanamarinana ary tsy maintsyarahana fitanana an-tsoratra izay soniavin'ny roa tonta.

Ny fitanana an-tsoratra nosoratana araka ny modely voafaritra avy amin'ny Fandraharahana ara-ketra dia tsy maintsy ahitana ireo fifandaharana ataon'ny mpandoa hetra sy ny Sampandraharaha, milaza ireo fandikan-dalàna hita sy ireo antony, manome ny hevitra ny Fandraharahana, ireo fanamarihana ataon'ny mpandoa hetra sy ireo teny entiny mandresy lahatra, ireo fanitsiana lehibe nekena sy ireo teboka tsy nifanarahana.

Ny adihevitra am-bava sy ifanatrehana dia karakaraina amin'ny fotoana iray raha tao anatin'ireo fanamarihana nataon'ny mpandoa hetra no voamarika ireo singa vaovao voalazan'ny andininy V-03 etsy ambony.

Raha toa ka mandà ny tsy hanao sonia ny mpandoa hetra dia raiketina ao anatin'ny fitanana an-tsoratra izany. »

PARAGIRAFY IV FANAOVANA NY FANPAHAFANTARANA RAIKITRA

Andininy V-07.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Raha toa ka tsy misy valin-teny ao anatin'ny fe-potoana telopolo (30) andro handefasana ny valin'ny fampahafantarana voalohany, ny mpiasan'ny hetra dia mamaritra ny fototra amerana ny hetra sy manao ny fampahafantarana raikitra.

Raha toa ka mitondra fanamarihana mikasika ny fampahafantarana voalohany ny mpandoa hetra, ny mpiasa dia afaka manova na mitazona na manajanona ireo fanitsiana lehibe araka ny

valin-tenin'ny mpandoa hetra sy, raha ilaina izany, ny votoatin'ny fitanana an-tsoratra amin'ny adihevitra am-bava sy ifanatrehana.

Fampahafantarana raikitra tokana ihany no atao amin'ny mpandoa hetra raha toa ka nanaovana fampahafantarana voalohany indroa izy araka ny voalazan'ny andininy V-03 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Mba hampanankery azy, ny fampahafantarana raikitra dia tsy maintsy ahitana :

- Ireo singa noraisina ho fototra amerana sy ireo fepetra ara-dalàna nadrafetana ireo fanarenana ;

- Ny hevitra ny mpanao fanamarinana manoloana ireo fanamarihan'ny mpandoa hetra ;

- Fampahafantarana ny amin'ireo fitarainana azony atao voafaritry ny andininy V-30 amin'ity fehezan-dalàna ity.

Ny fampahafantarana raikitra dia tsy maintsy omena ny mpandoa hetra na dia tsy misy fanitsiana aza.

Raha toa ny mpandoa hetra ka manaiky manontolo an-tsitra-po ireo fanarenana ao anatin'ny fampahafantarana voalohany amin'ny valin-teniny, dia atao avy hatrany ny fampahafantarana raikitra.

Ny fanamarinana an-taratasy dia tsy sakana amin'ny fanaovana fanamarinana eny an-toerana aty aoriana ao anatin'ny tsy fahalianana paik'andro. »

TOKO II FANAMARINANA ENY AN-TOERANA

SOKAJY III PAIKA ARAHINA MANOKANA ATAO AMIN'NY FANAMARINANA NY VIDIN'NY FAMINDRANA

PARAGIRAFY III ANTONTAN-TARATASY AMIN' NY VIDIN'NY FAMINDRANA

Andininy V-24.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ireo orinasa mpiombon'antoka izay tsy maintsy manao fanambarana araka ny voalazan'ireo andininy IV-08 sy IV-09 amin'ity Fehezan-dalàna ity dia iharan'ny andraikitra amin'ny antontan-taratasy izay mitaky ny fitahirizana ny famenon'ireo tovana amin'ny vidin'ny famindrana, sy mampiditra izany ao amin'ny sehatra manokana mandritra ireo fitsirihana ara-ketra.

Amin'ny fotoanan'ny fandefasana ny taratasy filazana fitsirihana na mandritra ny fanaovana fitsirihana fitanan-kaonty, ireo mpanao fitsirihana dia afaka mangataka amin'ny orinasa tsirihany, na ireo tovana amin'ny antontan-taratasy amin'ny vidin'ny famindrana tsy napetrany

tamin'ny fotoana fanerena fanaovana tatitra araka ny andininy IV-09, sy/na ireo famenon'ireo tovana amin'ny antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana. »

**TOKO III
FEPETRA IRAISANA AMIN'IREO PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA
SY NY FANITSIANA IFANATREHANA**

Andininy V-33.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny mpandoa hetra izay nanaovana fanamarinana eny an-toerana araka ireo andininy V-09 hatramin'ny V-17 amin'ity Fehezan-dalàna ity na fanamarinana atao amin'ny antontan-taratasy araka ireo andininy V-02 hatramin'ny V-07 amin'ity Fehezan-dalàna ity dia manan-jo hitondra ny raharaha eo amin'ny Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny dimy ambinifolo (15) andro manaraka ny daty naharaisana ny fampahafantarana raikitra. Ny Fandraharahana no manome ny porofo amin'ny fomba arahina amin'ny fanitsiana ifanatrehana amin'ny lafiny fifanolanana. »

**LOHATENY VI
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA SY FAMINDRAM-PO
TOKO I
ANKAPOBEN-JAVATRA**

Andininy VI-01

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

“- Ireo hetra, sara sy haba na ireo vola hafa rehetra tokony efain'ny mpandoa hetra ato anatin'ny fari-panjakana, ary koa ireo fanapahana noraisin'ny fandraharahana tao aorian'ireo asa mikasika ny fameran-ketra dia azon'izy ireo hanaovana fitarainana, na tolokevimpanafohanana avy amin'ny ireo tompon'andraikitry ny fikajiana ny hetram-bondrom-bahoaka, na avy amin'ny Fandraharahana ara-ketra ho an'ireo hetra-panjakana.”

**TOKO III
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA FAMERANA HETRA
SOKAJY I
SEHATRA AMPIHARANA**

Andininy VI-13

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana faha-2 amin'ity andininy ity :

“Voakasik' ity andininy ity ny fitarainana amin'ny fifanolanana mikasika ny fameran-ketra sy ireo fanapahana noraisin'ny fandraharahana tao aorian'ireo asa mikasika ny fameran-ketra hafa ankoatr'ireo voalazan'ireo andininy VIII-03 sy VIII-07 amin'ity Fehezan-dalàna ity.”

**SOKAJY II
PAIKA ARAHINA MIALOHA ENY ANIVON'NY FANDRAHARAHANA**

**PARAGIRAFY I
FE-POTOANA ANAOVANA NY FANGATAHANA**

Andininy VI-15.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny fe-potoana anaovana fangatahana mialoha momba ny fototra amerana ny hetra eny anivon'ny Fandraharahana dia telopolo (30) andro izay miatomboka amin'ny fandraisana ny taratasy fampahafantarana raikitra miampy ny sora-pamerana.

Ho an'ireo hetram-bondrom-bahoaka, io fe-potoana io dia sivifolo (90) andro izay miatomboka amin'ny fandraisana ny filazana fameran-ketra na ny taratasy fameran-ketra. »

**PARAGIRAFY II
FEPETRA ARAHINA AMIN'NY FANGATAHANA MOMBA NY FIFANOLANANA AMIN'NY
FAMERAN-KETRA SY IREO FANOHERANA IREO SORA-PANEKENA**

Ovàna ho « **FEPETRA ARAHINA AMIN'NY FANGATAHANA MOMBA NY FIFANOLANANA AMIN'NY FAMERAN-KETRA** » ny lohateny « **FEPETRA ARAHINA AMIN'NY FANGATAHANA MOMBA NY FIFANOLANANA AMIN'NY FAMERAN-KETRA SY IREO FANOHERANA IREO SORA-PANEKENA** » amin'ity paragirafy faharoa ity.

Andininy VI-16.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny fitakiana tsy manaraka an'ireto fepetra ireto dia tsy azo raisina :

- ***mahakasika mpandoa hetra iray ;***
- ***mahakasika fampahafantarana fameran-ketra raikitra iray ihany ;***
- ***mirakitra ny karazan-ketra, ny taon-ketra, sy ny fameran-ketra hifanolanana ;***
- ***mirakitra ny famelabelarana amin'ny antsipirihany ny anton'ny fanoherana, ireo toha-kevitra sy fehi-kevitra;***
- ***mirakitra ny tolotra ara-sora-bola-ketra sy/na manazava tsara ny fototry ny fanafanana angatahana raha toa ka fitakiana ara-pifanolanana fameran-ketra no atao;***
- ***mirakitra ny sonia, ny anarana, sy ny andraikitry ny mpangataka;***
- ***ampanarahana ny taratasy manamarina ny fandoavana ny ampahan-ketra ekena raha misy izany ;***
- ***ampanarahana ny dika mitovy amin'ny sora-pamerana ara-ketra, ny taratasy fampahafantarana an'io sora-pitakiana ny hetra io, miaraka amin'ny taratasy manamarina ny nandraisana an'izany.***
- ***ampanarahana ny fampahafantarana raikitra, ny taratasy nikajiana ny hetra na nanaovana ny fanombanana tsy misy fierana, ary ny filazana fameran-ketra, ho an'ireo hetram-bondrom-bahoaka.***

Raha toa ka ny ampahan'ny fameran-ketra raikitra notanana ihany no tsy nolavina, ny mpandoa hetra dia tsy maintsy manefa ny ampahany nekeny alohan'ny hanaovany ny fangatahana momba ny fifanolanana amin'ny fameran-ketra, na eny anivon'ny Fandraharahan'ny hetra na ny Vaomiera ara-ketra, na mialohan'ny fangatahana fampiantoana ny fandoavam-bola izany.

Andininy VI-17.-

Ovàna ho « ***mba ho azo raisina*** » ny vondron-teny « ***mba tsy ho foana*** » amin'ity andininy ity.

**PARAGIRAFY III
TOERANA AMETRAHANA NY FANGATAHANA SY FANDINIHINA NY FANGATAHANA**

Andininy VI-18.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

« Ho an'ireo hetram-panjakana voalazan'ny didy amam-pitsipika ara-ketra, ny fitarainana mialoha mikasika ny fameran-ketra dia atao any amin'ny Foibem-pitantanana miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra izay manamarina ny naharaisana izany. »

**PARAGIRAFY IV
FANAPAHANA**

Andininy VI-20.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

« Ny fe-potoana andraisan'ny Fandraharahana fanapahana dia enimpolo (60) andro aorian'ny nandraisana ny fitarainana na ny hevitra ny Vaomiera ara-ketra. »

**SOKAJY III
PAIKA ARAHINA MANOLOANA NY FITSARANA
MIANDRAIKITRA NY ADY AMIN'NY FANJAKANA**

**PARAGIRAFY I
FAMPIDIRANA NY FANGATAHANA**

Andininy VI-26.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny fanapahana raisin' ny Fandraharahana amin'ny fitarainana mikasika ny fifanolanana amin'ny fameran-ketra ary koa ireo izay noraisina momba ny fanoherana mikasika ireo asa amin'ny fameran-ketra hafa ankoatr'ireo voalazan'ireo andininy VIII-03 sy VIII-07 amin'ity Fehezan-dalàna ity ka tsy nahafa-po ny mpangataka dia azony entina eny amin'ny Filan-kevim-panjakana eo anivon'ny Fitsarana Tampony ho an'ny hetram-panjakana, ary eny amin'ny Fitsarana amin'ny ady amin'ny Fanjakana ho an'ny hetram-bondrom-bahoaka.

Ny mpanao fitarainana dia afaka ihany koa manao io fampakaran-draharaha io raha toa ka tsy naharay ny fanapahana ao anatin'ny enimpolo (60) andro manaraka ny daty nametrahany ny fitarainany.

Ny Fandraharahana dia afaka mitondra tsy misy fierana ny fitarainan'ny mpandoa hetra mikasika ny fameran-ketra eny anivon'ny Fitsarana.

Ny Foibem-pitantanana miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra na ny sampan-draharaha ao aminy no misolo-tena ny Fandraharahana ara-ketra eny amin'ny Fitsarana. »

Andininy VI-27.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny fitoriana eny amin'ny Fitsarana dia tsy maintsy apetraka ao anatin'ny telopolo (30) andro manomboka amin'ny fandraisana ny fampahafantarana ny fanapahana na ny fahataperan'ny fe-potoana enimpolo (60) andro voalazan'ny andininy VI-26 etsy ambony.

Ny fitoriana eny amin'ny Fitsarana mialohan'ny fahataperan'ny fe-potoana enimpolo (60) andro voalaza eo aloha na mialohan'ny fahapafantarana ny fanapahan'ny Fandraharahana na koa aorian'ny fahataperan'ny fe-potoana nomena ireo mpangataka eny amin'ny Fitsarana dia tsy azo raisina. »

TOKO VII PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAKATONANA TOERAM-PIASANA

Ao amin'ny faran'ity Toko ity, foronina ny andininy VI-89 vaovao izay mirija toy izao :

Andininy VI-89.-1° *Raha toa ny mpandoa hetra ka nanadino ny fanambarana isam-banim-potoana na nanadino nandoa hetra, sara sy haba mifanaraka amin'izany, na dia efa nandefasana taratasy fampitandremana aza, ny Fandraharahana dia mampahafantatra azy amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha sy ny taratasy naharaisany azy na amin'ny « fax », ny amin'ny fikasany hanakantona manontolo na amin'ny ampahany ny toeram-piasana ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny 15 andro.*

2° Raha tsy misy ny fanarenana izany endrin-javatra izany ao anatin'ny valo andro manomboka amin'ny naharaisana ny fampahafantarana voalaza etsy ambony, ny fanakantona manontolo na amin'ny ampahany ny toeram-piasana dia ambara amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Hetra.

Atao ny fanakantona manontolo na amin'ny ampahany voamarika fitombokase ireo toeram-piasana ao amin'ny orinasa amin'ny alalan'ny Vadin-tany nomena alalana amin'izany.

